# Ahoana no ikolokoloana fisakaizana amin'Andriamanitra

Carlo Brugnoli

Nandika teny: Tovonirina RAZAFINDRAKOTO

# Fisaorana

Isaorako eram-po ireo olona rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity asa soratra ity, tononina manokana amin'izany ny Mpitandrina Maurice Ray sy Marcel Ziehli izay samy nanao famakiana fanindroany ny boky, Heinz Suter sy ny ankohonany noho ireo hevitra marobe natolony, ny mpikambana amin'ny "Conseil romand" eo anivon'ny Tanora Mpanefa Iraka (TMI) noho nanekeny hanaovana fanadihadiana, Marc sy Rosine Walter, Ramatoa isany Nathalie Araujo, Anne Bachelard, Catherine Froehlich, Paula Gilliéron, Sylvie Margot, Elisabeth Nussbaumer, Jacqueline Schwerzmann, Danièle Stalder, Doris Vuilleumier ary Andriamatoa isany Albert Joly et Eli Yapoudjian noho ny fanitsiana sy fitanana an-tsoratra nataon'izy ireo.

Tena sarobidy loatra tamiko ny niara-niasa tamin'izy ireo.

# Fizahan-takila


FISAORANA ..... 2

FIZAHAN-TAKILA ..... 3

SAVA RANON'ANDO ..... 4

FAMPIDIRANA ..... 5

FIZARANA VOALOHANY ..... 7

AZO TANTERAHINA TSARA NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA REHEFA EO IZY! ..... 7

**Zavatra faran'izay sotra ny tena fiderana marina ..... 7**

**Ny fiderana tsy fandokafana ..... 7**

**Tena sarotra ny midera olona tsy tiana akory ..... 7**

**Ny votoatiny no mampisy lanjany ny fiderana ..... 8**

**Ratsy fofona ny fiderana mifono fikatsahana tombontsoa manokana ..... 8**

**Monina eo anivon'ny fideran'ny olony Andriamanitra ..... 8**

**Mitady olona hidera Azy Andriamanitra ..... 9**

**Kahie fandraisana naoty fampiasa rehefa mihaona amin'Andriamanitra ..... 10**

FIZARANA FAHAROA ..... 11

MANDROSO NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA REHEFA MAHAZO AINA ISIKA MIARAKA AMINY. ..... 11

FIZARANA FAHATELO ..... 23

VELONA NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA REHEFA MAHENO NY FEONY ISIKA ..... 23

FIZARANA FAHA EFATRA ..... 35

KOLOKOLOINA AMIN'NY ALALAN'NY FIHANONANA MANOKANA AMINY NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA. ..... 35

FIZARANA FAHADIMY : MAMPIENTANENTANA NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA REHEFA MANOME AINGAM-PANAHY NY FIAINANTSIKA MANONTOLO ..... 47

FAMINTINANA NY BOKY ..... 56

TARATASY HO AN'NY MPAMAKY ..... 57

FAMPAHAFANTARANA NY BOKY ..... 61

# Sava ranon'ando

"Toy ny vatana tsy ampy rà, zary toa taolana mifono hoditra ary tsy mahalala n'inon'inona ny fiainam-panahin'ny kristiana raha tsy misy fiainam-bavaka tena izy. Noho izany dia mora alavon'ny fitaky ny fahavalo izy. Azo oharina amin'ny fandroana mahasoa izay manadio, mampahazo aina ary mitondra fanarenana ny fihaonana manokana amin'Andriamanitra." Dokotera Nelson Bell no nanome antsika izany fanambarana izany, mpitsabo misionera tany Chine izy izay lasa rafozan'i Billy Graham.

Raha amin'izay fomba fijery izay dia tena zava-dehibe loatra ho an'ny fiainan'ny kristiana rehetra ity boky ity.
Tsy manana olona ankasitrahana manokana na tiana manokana Andriamanitra. Faniriany ho an'ny zanany tsirairay ny hitomboany amin'ny fisakaizana amin'ny Tompo Jesosy. Mila mandray anjara amin'izany anefa isika. Azo heverina tsara fa izany no tian'i Paoly ho tsindriana raha nanoratra izy nanao hoe: "Miasà hahatanteraka ny famonjena anareo – satria Andriamanitra no miasa ao anatinareo."[1] Efa nomena antsika avokoa ny fitaovana rehetra, ny anjarantsika dia manao ny asa fanorenana amin'ny alalan'izay nomena antsika. Misy fifandanjana hatrany noho izany ny anjarantsika sy ny anjaran'Andriamanitra! Ao anatin'ny fiombonana Aminy no ahitana ny tena haben'ny fanompoana ataontsika. Mahavariana loatra ny fomba nanehoan'i Robert McCheyne azy manao hoe : "Tsy misy fanompoana atao ho an'ny Mpanjaka izay azo anamarinana ny tsy firaharahiana an'izy Mpanjaka."

Ny vavaka ataoko ho anao izay mamaky ity boky ity dia mba hihaonanao isan'andro amin'i Kristy velona, ny hahalalanao Azy amin'ny alalan'ny teniny, ny hideranao Azy amin'ny alalan'ny vavaka, ny hanompoanao Azy am-pifaliana.

Reona Joly-Peterson,
Mpiasa teo anivon'ny TMI nandritra ny telopolo taona,
Vady, reny, mpanoratra ary mpampianatra.

[1] Jereo ny Filipiana 2.12-13

# Fampidirana

Raha manasa anao hanatrika fety ny namanao akaiky indrindra dia haneho hetsika vitsivitsy anehoanao ny fifamatoranao aminy ianao, na tsapanao izany na tsy tsapanao. Ny fandraisana, ny fanehoam-pitiavana sy ny fanomezana ifampizarana no hampiharihary izany. Hanampy ho amin'ny fahombiazan'ilay fety ny sakafo, ny fialamboly ary ny fifampizarana tsiambaratelo.

Ny tanjon'ity boky ity akory tsy hamporisika anao hihaona amin'Andriamanitra (efa mangetaheta izany ianao), fa kosa hizara aminao ireo « fomban'Andriamanitra » mba ***hampahomby ny fihaonana***. Ao anatin'izany tanjona izany dia nanapakevitra ny hizara aminao tsy miolakolaka sy amin'ny fomba pratika ny fomba nanovàny ny fianako sy ny fiantraikany nentiny teo amin'ny fifandraisako amin'ny hafa ary ny andraikitro sy ny fanompoako aho.

Tsy misy fetra Andriamanitra, afaka misaina, mahatsapa ary misafidy ihany koa anefa Izy. Ny hoe tonga sakaizany akory tsy midika ho fanjavonana, na fahafoanana na koa firaiketana aminy, fa kosa misaina miaraka Aminy, mahatsapa izay tsapany ary maniry izay iriany. Mamolavola planina Andriamanitra ary manasa antsika handray anjara amin'izany ; manana fahatsapana Izy ary mizara izany amintsika; manapakevitra am-pahendrena Izy ary mitaona antsika hanaraka Azy.

Sady tsy nofinofy no tsy anganongano ny fahasambarana mifanatrika amin'Ilay Mpitondra izao rehetra izao, ny fahalalana ny antsony ho an'ny fiainantsika, ny maha-vavolombelon'ny fandrosoana madinika sy lehibe, ny firosoana amin'ny dingana manaraka ary ny fitomboana eo ambany famirapiratan'ny fitiavany. Fiainana ara-dalana izany ho an'izay manolotena hikolokolo ity fisakaizana sarobidy loatra ity. Ny fahafahana mitia sy ho tiavina dia filana roa lehibe indrindra ho an'ny olombelona. Andriamanitra dia fitiavana ary ao aminy no hahitan'ny olombelona ny fahafenoana. "Hifaly dia hifaly amin'i Jehovah aho, ny fanahiko ho ravoravo amin'Andriamanitro; fa notafiany fitafiana famonjena aho, ary nakanjoiny akanjo fahamarinana." [2]

Ho ahy manokana dia tamin'ny fotoana voalohany nandraisako anjara tamin'ny asa fitoriana filazantsara no nanomboka ity zava-baovao ity; tany Paris no nisehoan'izany. Nisy tanora telonjato hafa tany tamin'izay. Isa-maraina dia tafiditra tao anatin'ny fandaharam-potoana nalahatra ny fanokanana ora iray hihaonana manokana amin'Andriamanitra. Kihon-dalana ara-panahy ho ahy io fihaonana manokana isan'andro io. Rehefa nody aho, na dia mpiana-draharaha niasa adiny sivy isan'andro aza, ankoatra ny sekoly fianaran'asa, ny enti-mody, ny fikambanan'ny tanora sy ireo hetsika maro samihafa dia noraisiko ho fahazarana ny fanokanana ora iray isan'andro mba hikolokoloana sy hampivelarana io fiainana amin'ny maha-sakaiza io. Tsy nifamatotra tamin'ny iraka noho izany ny traikefa mahakasika ny fihaonana manokana amin'Andriamanitra fa tena fiainana andavan'andro tsy misy endrika fombafombam-pivavahana.

Loharanon'ny fiainana feno aingam-panahy sy feno hosotra avy Aminy io fifanatrehana io. Jesosy no ohatra tonga lafatra ny amin'izany. Asehony amintsika fa ny fanjakan'Andriamanitra dia toy ny mpanjaka manomana fampakaram-badin'ny zanany lahy, ary dia manasa antsika handray anjara amin'izany Izy. Miala ao amin'ny tontolo misy antsika isika noho izany mba hiditra ao amin'ny tontolony. Mba azonao an-tsaina ve izany?

Tamin'ny faha-sivy taonako dia nandeha niantsena ho ana vehivavy iray nanana ny maha-izy azy aho isaky ny sabotsy. Nitantana orin'asa iray mpanao famataran'andro niasan'ny raiko izy

---

[2] Isaia 61.10a

ary nipetraka tao amin’ny trano tsara tarehy iray. Zanaka lahin’ny iray amin’ireo mpiasany izay ambany grady aho, nefa kosa tena tiany. Tonga manoloana ny varavarana goavam-ben’ny tranony vita amin’ny hazo sarobidy aho alohan’ny amin’ny folo ary dia mampaneno ny “sonnerie”. Mivoha ho azy ilay varavarana. Miditra ao amin’ny lalantsara aho ary dia hita taratra eo amin’ilay fitatratra matroka ny sariko. Namakivaky ny lalantsara aho ary rehefa tonga tao mbany rihana aho dia nahita “piano” tsara tarehy iray. Nihevotrevotra teo ambanin’ny tongotro ny “moquette” raha izaho niakatra ny rihana voalohany iny izay nandraisany ahy. Nitafy lamba miloko manga izy teo amin’ny vozony… Te-hanindry fotsiny ihany ny fahagagana niainan’ity zazalahy kely ity fotsiny aho raha izy niditra tao amina tontolo hafa mihitsy. Dia toy izany ihany koa rahefa miditra am-pinoana ao amin’ny tokontany misy ny fanatrehan’Andriamanitra isika. Ora iray eo ambany fanatrehany dia tsara lavitra noho ny ora arivo alavitra azy.
Afaka ny hivelatra amin’ny fotoana rehetra ity fifandraisana ity, saingy ao anatin’ny fifandraisana manokana no handraisany ny tena heriny: “Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina ; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao.”[3] *Te-hampita aminao ny heviny Andriamanitra…*[4]

Azo fintinina amin’ny alalan’ireto oha-pitenena manaraka ireto ity boky ity:

*Mamafaza fisainana dia hijinja hetsika ianao,*

*Mamafaza hetsika dia hijinja fahazarana ianao,*

*Mamafaza fahazarana dia hijinja toetra ianao,*

*Mamafaza toetra dia hijinja anto-pisiana ianao…*[5]

[3] Matio 6.6

[4] Jean-Claude Chalboz, mpitandrina, manao fanompoana fivavahana ho an’ny hafa ao amin’ny Palais fédéral (Suisse)

[5] Mpanoratra tsy fantatra

# Fizarana voalohany

# Azo tanterahina tsara ny fisakaizana amin'Andriamanitra rehefa eo Izy!

Tsy foroporonina ny fihaonana amin'Andriamanitra rehefa eo Izy… "***Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana***, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana"[6]
Alaivo sary an-tsaina lehilahy iray mihaona amina mpanjaka tsara fanahy, mahery sady be voninahitra, saingy raha vao noraisin'ny mpanjaka izy dia nirarakopana ny fitakiana sy ny faneriterena ho an'ny tenany manokana… Efa azo lazaina ho tena zava-dehibe raha mahazo fampiononana faran'izay kely izy rehefa hiala teo amin'ny fanatrehany, fa saingy azo heverina mihitsy ny handroahana azy amin-kery hivoaka ny trano! Tsy mba afaka nigoka ny fitiavan'ny mpanjaka akory izy.
Fomba mahazatra eo amin'ny fifandraisan'ny samy olombelona ny fitakiana, fikomiana, fanerena, fametsifetsena, fanamarinan-tena. Azo heverina mihitsy noho izany ny hampitan'ny olona maro vao niova fo, na izay efa ela no naha-kristiana azy ity fomba fanao ity amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Tsy mahagaga raha miaina fahamainana, fanoherana, tsy fahazoana valim-bavaka ary fisafotofotoana izy ireo eo amin'ny lafiny ara-panahy!

### *Zavatra faran'izay sotra ny tena fiderana marina*

Ny fiderana dia fanambarana fisaorana amin'ny fo feno fankasitrahana mahakasika zavatra tena misy marina! Mahasorena ny fahavalon'Andriamanitra, eny mahasorena olona maro ny lanjany; ataon'ilay ratsy izay fomba rehetra mba hahatonga ny fiderana ho tsy misy heviny, handotoana ny hatsarany, handisoana ny heviny na hanovana azy ho zary toy ny fombafomba mandreraka… Andeha ho jerentsika akaiky ireo fiviliana ireo mba tsy hahatonga antsika ho latsaka ao aminy.

### *Ny fiderana tsy fandokafana*

Asa na efa hitanao ilay horonan-tsary nolalaovin'i Louis de Funès mitondra ny lohateny hoe *"La folie des grandeurs"*. Ao anatin'io horonan-tsary io tereny handokadoka azy ny mpiasa an-tranony. Nanao izany tamin'ny fomba toa maneho fanajana ilay mpiasa nanao hoe : "Tsara tarehy ianao…" Tamin'ny fomba mahatsikaiky no nanehoana izany atao hoe fandokafana izany tamin'ny alalan'io sarimihetsika io. Maro no manao toy izany tsy misy valaka amin'Andriamanitra. Na dia tsy mandresy lahatra ahy aza Izy ary tsy ho takatro mihitsy ny fisainany, fa satria Izy manana ny fahefana rehetra ary mitaky ny hoderaina dia ataoko ihany izany hoy izy ireo. Fiderana feno fihatsarambelatsihy ny fiderana toy izany. Tsy nanaiky ny fandokafana natao taminy i Louis de Funès tao amin'ilay horonantsary, Andriamanitra ihany kao toy izany.

### *Tena sarotra ny midera olona tsy tiana akory*

Tsy mananosarotra ny ankamaroan'ny olona ny mitsikera ny hafa; toa tsy mety tapitra mihitsy ny fitarainany. Saingy fanamby goavana kosa ny milaza zavatra tsara mahakasika olona iray na dia mandritra ny roa minitra fotsiny aza. Azo atao tsara mihitsy anefa ny manao zavatra miala amin'ny mahazatra, saingy ny fitiavana no fanalahidiny… "Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony; fa ny fony kosa lavitra Ahy."[7] Ny fitiavana no mampisy fahasamihafana eo

[6] Salamo 100.4
[7] Matio 15.8

amin'ny tontolon'ny fifandraisana rehetra. Ny zava-dehibe amin'Andriamanitra dia isika manatona Azy amin'ny fo feno fitiavana.

### *Ny votoatiny no mampisy lanjany ny fiderana*

"Andriamanitra o! Te hisaotra Anao, te-hidera Anao, te-hanandratra Anao, te hisaotra Anao, te hankasitraka Anao aho …" Koa inona no andrasanao tsy anaovanao izany ? Aiza no miantefa ny fanambarana ataonao? Maro ny vavaka no toy ireny motera efa antitra ireny, midridroka fotoana fohy, midonaka toy ny hoe mba ho velona saingy fotoana fohy avy eo dia maty sy mangina tanteraka. Tsy afaka haka ny toeran'ny hetsika na ovina na oviana ny filazana ny faniriana hanao zavatra; ny fitanisana in-dimy na im-polo ny faniriana vao maika mampitoetra ny tsy fahafahana manao hetsika.

### *Ratsy fofona ny fiderana mifono fikatsahana tombontsoa manokana*

Any amin'ny tontolon'ny fifanakalozana dia mividy sy mivarotra isika. Ao amin'Andriamanitra kosa dia mandray sy manome isika. Manolotra ny tenany ho ahy Izy ary izaho manolotra ny tenako ho Azy. Tia ahy Izy ary mihevitra ny tombontsoako; tiako Izy ary mihevitra ny tombontsoany aho. Maro ny manindry fa mila midera an'Andriamanitra mba handray ny fitahiany, handresy manoloana ny olana, handresy ny fahakiviana, hampandositra ny fahavalo, sy ny maro tsy voatanisa. Azo eritreretina ihany ny hanohanana izany fomba fijery izany amin'ny alalan'ny Soratra Masina. Azo antoka fa fanefitra mahomby handresena ny fahakiviana ny fiderana sady mitondra karazana fitahiana eo amintsika ihany koa izy ity; saingy izany tokoa ve no anto-pisiany? Tsia. Ny fankasitrahana tena izy tsy misy endrika fikatsahana tombontsoa manokana. Hatramin'ny naha-kristiana ahy dia tsy mbola nisy fotoana nankasitrahako an'Andriamanitra ka tsy nitahiany ahy, nefa ihany koa efa nivenjivenjy tao anatin'ny tany efitry ny fiderana mikatsaka tombontsoa manokana aho. Efa niainako izany hoe fihaonana manokana amin'Andriamanitra toy ny tany hay izany, izany hoe midera an'Andriamanitra amin'ny fahatsapana mahasorena ho toy ny miteny amin'ny rindrina izany. Ny antony manokana mahatonga izany dia ny adivarotra miafina. Ny tena marina dia tsy nataoko ho an'Andriamanitra ilay fanompoam-pivavahana fa nataoko ho ahy samirery.
Afaka ny ho tena mahavariana ny teny ambara, saingy ny fo kosa foana sy mangetana. Ny fiderana voadion'izay mety ho endrika kajikajy ihany no mitarika ho amin'ny fiombonam-po lalina. Izay mikatsaka fatratra fahasambarana dia tsy hahalala mihitsy ny fahafenoan'Ilay te-hanome fahasambarana.

### *Monina eo anivon'ny fideran'ny olony Andriamanitra*[8]

Misaora Azy amin'ny zavatra rehetra: ny fanomezany an-kalalahana tanteraka ny aina, ny fahafahana, ny teny, ny mozika, ny fihetseham-po ary ny loko samihafa. Ireo endri-pifandraisana marobe ifandraisan'ny olombelona, ireo talenta tsy tambo isaina izay atobany eo amin'ny olombelona, ireo asa an'arivony maro aterak'izany…
Manoloana izany indrindra no nanaovan'ny namako iray fanamarihana fa korontana ambony ambany no niseho raha olona manana ny fanomezam-pahasoavana noraisiny avokoa ny olona nandrafitra ny fiarahamonina manontolo. Angamba mety havanana amin'ny fanamboarana fiara izy ohatra, saingy raha tsy misy mpamorona, tsy misy mpanao sary, tsy misy motera, midika inona moa izany? Ary raha tsy misy mpamboly, tsy misy mpivarotra, tsy misy mpandrafitra, tsy misy dokotera, hahavita inona eo ny fahaiza-manaony? Meteza haneho fankasitrahana ny amin'ireo izay miantoka ny fisiantsika, ireo izay namolavola ny fomba fitondrantsika tena, ny fomba fisainantsika, ny lafiny arak'asa, ny lafiny kanto, ny lafiny ara-panahy. Derao Izy noho ny fahariany sy ny planeta izay onenantsika. Tsy nitondra na inona

[8] Araka ny Salamo 22.3

na inona isika saingy nandray ny zavatra rehetra kosa. Ny olombelona iray izay mahay mitsahatra mba hisaotra dia efa nahatakatra lafin-javatra mahakasika ny fomban'Andriamanitra. Ny tontolo iainana any amin'ny mandrakizay dia ho voamariky ny fankasitrahana, saingy ny olona maranin-tsaina dia efa manomboka manao izany sahady ankehitriny. Rehefa manao izany amin'ny fahamarinana isika dia manao izay mahafaly Azy. "Ny Tompo Andriamanitrao no momba anao; mahery Izy ka hampandresy anao, maneho ny hafaliany noho ny aminao Izy; ny fitiavany no anavaozany anao; noho ny aminao dia mietam-pihobiana Izy toy ny amin'ny andro fety."[9] Ny dikan-teny hafa dia manao hoe : "Handihy noho ny aminao Izy, hiorakoram-pifaliana Izy."
Nisy fientanam-po sy fahasambarana tao amin'i Jesosy raha nanasa ny mpianany Izy hanomboka ny vavaka ataony amin'ny hoe : "Rainay izay any an-danitra! Hohamasinina anie ny anaranao; ho tonga anie ny fanjakanao; hatao anie ny sitraponao, ety an-tany tahaka ny any an-danitra."[10] Azonao an-tsaina ve ny halalin'izany teny izany? Ny feontsika miakatra hatrany an-danitra? Ny faniriantsika hahita ny toetran'Andriamanitra mameno izao rehetra izao? Ny safidy faratampony ataontsika mahakasika Azy? Ny antso ataontsika, ny faniriantsika ny hanjakan'ny sitrapony amin'izay? Ao anatin'ny teny vitsitsivitsy no anekena, iantsoana, hanajana an'Andriamanitra hatrany amin'ny fiafaran'ny toerana sy ny fotoana!

### *Mitady olona hidera Azy Andriamanitra*

Hoy Jesosy: "Jehovah ***Andriamanitrao*** no ***hiankohofanao***, ary Izy irery ihany no hotompoinao" "Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ***ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany***. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana."[11]

Nidera an'Andriamanitra tamin'ny fahamarinana Abrahama fony izy nanaiky hanolotra ho Azy ny harena sarobidy indrindra ho azy dia Isaka. Izany no nambarany tamin'ireo mpanompony: " Izaho sy ny zazalahy handeha hankery; ary ***hivavaka*** izahay dia hiverina eto aminareo indray."[12] Foto-pampianarana manao ahoana loatra re izany! Andeha ataontsika hoe mitady mpandaha-teny ianao ho amin'ny seminera hataonareo mahakasika ny fiankohofana: Abrahama no tonga lafatra indrindra amin'izany! Ny fiankohofana dia toy ny tendron'ny fiderana. Atolotra an'Andriamanitra ao amin'ny fanahintsika izy rehefa maneho ny fitiavantsika, ny fahatokiantsika, ny fankasitrahantsika, ny fanolorantsika tanteraka ny tenantsika Aminy isika. Ny fitondran-tenantsika, ny fanompoantsika, ny asantsika no mameno azy amin'ny fahamarinana. Mampiasa ny fahalalany, ny fahalehibiazany, ny heriny ampitiavana, amin'ny fahatokiana, amin'ny rariny, amin'ny fahendrena, amin'ny fahamarinana, amin'ny fiantrana, amin'ny fahalalahan-tanana Ilay Andriamanitra mandrakizay. Manao izany an-kalalahana tanteraka, am-pahamasinana sy amin'ny fanetren-tena Izy. Toy ny olona raiki-pitia safononoky ny fitiavan'ilay olontiany no anehoan'izay manao fiankohofana amin'Andriamanitra ny firavoravoany ny Aminy. Misaintsaina ny amin'ny toetrany tonga lafatra izy. Ny Fanahy Masina Izay monina ao amin'ny fanahiny no mampahafantatra azy izany. Ao anatin'izany tempoly izany, ny fitiavantsika, ny fankasitrahantsika, ny fiainantsika dia atolotra an'Andriamanitra ho toy ny zava-manitra lafo vidy.

---

[9] Zefania 3.17 (diem)
[10] Matio 6.9-10
[11] Lioka 4.8, Jaona 4.23-24
[12] Genesisy 22.5

***Kahie fandraisana naoty fampiasa rehefa mihaona amin'Andriamanitra***

Azo ampiasaina ho fitehirizana ireo fotoana nanamarika ny fiainanao na fakan-tsary na fandraisam-peo. Toy izany ihany koa, ny kahie anao manokana dia azo hanoratana ireo teboka lehibe mahakasika ny fiarahanao amin'Andriamanitra. Araka izay ho hitanao ao aoriana kely dia tsy natao handraiketana ireo fisehoan-javatra fotsiny ihany izy ity. Mety hahitana ireo fangataham-bavaka ataonao sy ireo valim-bavaka azonao izay tena nahafaly indrindra izy ity, mety ahitana ihany koa ireo fanontaniana napetrakao tamin'Andriamanitra, ireo valim-panontaniana nomeny anao sy lafin-javatra maro hafa araka ny safidinao na koa izay haroso aminao amin'ny fizarana manaraka.
Tsy hoe akory zavatra tsy azo ialana izy ity, saingy kosa mety hanamafy ny hevitr'ilay fifandraisana manokana. Hirakitra fahatsiarovana tsy azo pesipesenina ireo kahienao teo aloha, raha toa ka manaraka ny toetr'andro kosa ilay vaovao sady mifanindran-dalana amin'ny ankehitriny. Azo asisika ao anatin'ny fonon'ny baibolinao izy ohatra.

Mahakasika ireo lohahevitra voaresaka ato amin'ity fizarana ity dia afaka marihinao ao :
- ireo zava-dehibe ideranao an'Andriamanitra.
- izay zavatra mazava aminao sy tianao hampiharina mahakasika ny fiderana.
- ny fiainana ny fiankohofana ataonao.
- izay zavatra mazava aminao sy tianao hampiharina mahakasika ny fiankohofana.

# Fizarana faharoa

# Mandroso ny fisakaizana amin'Andriamanitra rehefa mahazo aina isika miaraka Aminy.

Azo fintinina toy izao ny hafatry ny Filazantsara : noho ny asa tanteraka nataon'i Jesosy, ny olombelona izay andevon'ny ota sy mizotra mankany amin'ny fahaverezana dia afaka ny ho voavela heloka, afaka ny ho hamarinina ary hiaina amin'ny maha-sakaizan'Andriamanitra.
« Dia ny fianianana izay nianianan'Andriamanitra tamin'i Abrahama razantsika, hanao izay hahazoantsika hanompo Azy tsy amin-tahotra, satria afaka amin'ny fahavalontsika isika. Amin'ny ***fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany amin'ny andro rehetra hiainantsika***.[13]
« Vita » hoy Jesosy rehefa niala aina teo amin'ny hazo fijaliana Izy. Nambarany tamin'ny alalan'izany fa misokatra ny fifandraisana amin'Ilay Andriamanitra Avo indrindra. Niaraka tamin'izay dia rovitra avy any ambony mankany ambany ny efitra lamba nampisaraka ny efitra masina amin'ny efitra masina indrindra, marika hita maso maneho fanekena vaovao ambony lavitra noho ny taloha izany. Tamin'ny fanekena taloha dia nosaromana ny fahotana ; ao amin'ny fanekena vaovao kosa dia ***noesorina ny fahotana***. « Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. »[14] Manolotra ho antsika mihoatra noho ny famelankeloka manoloana ny fahotana Jesosy, satria sady mamela ny helontsika Izy no mamonjy antsika ho afaka amin'ny fahotana : « Ary ny anarany hataonao hoe Jesosy, fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany. »[15]
Mamporisika sy manamora fiainana feno fandresena izany fahatakarana izany. Satria nahoana ary? Satria mora kokoa ny miady amin'ny ota avy ivelany noho ny avy anatiny. Ho an'ny mpianatr'i Kristy, ny fahotana dia tsy fahazarana intsony fa zavatra sendra miseho eny am-pandehanana. « Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana. »[16] Tsy miaina eo ambany fitarihan'ny filana intsony izy, fa eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina izay mameno sy mitarika azy. « Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, sy ***fiadanana***. »[17] Paoly rehefa manoratra amin'ireo mpino vaovao dia manomboka ny ankamaroan'ny taratasiny toy izao : « Ho an'ny olona masina any Efesosy », « Ho an'ny olona masina rehetra any Filipy », « Ho an'ny olona masina sy mahatoky izay any Kolosia », sns.

Indrisy fa maro be ny kristiana no mitondra tena toy ny hoe nosaromana ny fahotany, nosaromana fotsiny ihany. Tsy azon'izy ireo ny halehiben'ny fahatsaram-panahin'Andriamanitra amin'izy ireo sy ny fiatraikan'izany. Misy sakana roa tsy ahafahan'izy ireo miaina fifandraisana lalina amin'Andriamanitra, izay zary manamaloka ny maha-zanaka azy ireo : ny ***ota*** sy ny ***fanamelohan-tena***. Tsy maintsy alavirina tanteraka ireo vato misakana ireo mba hahatonga ny olona iray hahazo aina tsara. Ny fanesorana tanteraka ny fikomiana rehetra dia vokatra ara-dalana entin'ny fahatsaram-panahin'Andriamanitra. Io fahatsaram-panahy io no manosika antsika hanova tanteraka ny fomba fitondrana tena ; io no antsoin'ny Baiboly hoe *fibebahana.*

[13] Lioka 1.73-75
[14] Jaona 1.29
[15] Matio 1.21
[16] Matio 5.6
[17] Romana 8.6

Zava-dehibe loatra ny resaka mahakasika ny fahotana, mila vahantsika mahakasika azy ity. Na Kristy mampanalavitra antsika amin'ny fahotana na ny fahotana no mampanalavitra antsika amin'i Kristy, tsy afaka miara-monina izy roa ireo. Naman'ny mpanota Jesosy fa tsy naman'ny ota. Ny fanompoana nataony ho an'ny mpanota akory tsy nanana tanjona hampiorina azy amin'ny fomba fiainany, fa kosa ny hampiditra azy ireo ao amin'ny tena fahafahana izay entin'ny fahamarinana.
Mora dia mora ny ho latsaka ao anatin'ny hevitra saro-takarina sy mandrera-tsaina mahakasika ity resaka ity ; saingy, isaky ny miteny mahakasika azy io amin'ny vahoaka iray Andriamanitra, na amin'ny olona iray, dia helohiny amin'ny fomba mazava ny ratsy ary asehony miharihary ihany koa ny dingana atao mba hialana aminy.
Raha nitolagaga nijery ny fahamasinan'Andriamanitra ny mpaminany Isaia dia niteny nanao hoe : « Lozako ! Maty aho, satria lehilahy maloto molotra, sady ato amin'ny firenena maloto molotra no itoerako, fa ny mpanjaka, Jehovah Tompon'ny maro, no efa hitan'ny masoko. »[18]
Rehefa voadio kosa izy niteny toy izao : « Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy. » [19]

Tsy sarotra ny miaina ny fomba fiaina ara-moralin'ny olona ankehitriny ; ireo havanana amin'ny fandresen-dahatra izay ankafizin'ny olona ny mihaino azy dia manamarina ny fomba fitondran-tenany sy ny faniriany. Raha atao amin'ny teny hafa, ny olona araka ny nofo ihany dia tsy mampifanaraka ny fiainany amin'ny fahamarinana fa miezaka mampifanaraka ny fahamarinana amin'ny fomba fiainany. Tsindrian'i Jesosy manokana fa zavatra voajanahary amintsika ny mitia izay tia antsika, saingy ny mitia ny fahavalo kosa dia fiainana mifanaraka amin'izay ao am-pon'ny Rainy.

Amin'ny ankapobeny dia fotoana fohy mialoha ny fiovam-pony no mifanatrika amin'ny fitsipiky ny Baiboly ny olona iray. Tsapany fa nandika ireo lalan'Andriamanitra rehetra izy : noho ny fialonana dia mpamono olona izy, amin'ny alalan'ny teniny sy ny fihetsiny dia mpandainga izy, mitsiriritra izy, mialona, miolakolaka izy manoloana ny tombontsoany manokana, sy ny maro tsy voatanisa. Fantany fa tsy toerana any an-danitra no nomaniny fa ho an'ny amin'ny helo.
Rehefa tonga eto amin'ity dingana ity dia ao ireo lavo amin'ny fanarahan-dalana, manangona lisitra lavabe mahakasika ireo zavatra tsy maintsy atao sy tsy azo atao ; ny hafa indray misafidy fahasoavana mora vidy tsy misy fototra iorenana sy tsy misy fibebahana marina (heverin'izy ireo fa tafiditra amin'ny fiainana maha-olombelona ny fahotana, sady tsy misy na inona na inona azon'izy ireo atao, nefa manantena koa izy ireo fa Jesosy no pasipaoro hitondra azy ireo ho any an-danitra) ; ao ihany koa ireo izay miezaka mampangina ny feon'ny fieritreretany ; farany, maro ihany koa ireo mivenjivenjy ao anatin'ny fotom-pampianarana sady tsy takatry ny saina no tsy mahomby akory. Ireo rehetra ireo anefa dia tsy mitondra fahafaham-po na ho an'Andriamanitra na ho azy ireo manokana. Mba hisian'ny fanekena miorim-paka dia tena miankina aman'aina ny valinteny mazava mahakasika ny asam-pamonjena nataon'i Kristy sy ny antsony.
Inona ary no atao ? Tokana ny hafatra nentin'i Jaona mpanao batisa, avy eo Jesosy, Petera sy Paoly ho an'ireo izay mitady an'Andriamanitra : « Mibebaha ianareo ! »[20] Ny fibebahana tsy mazava tsara, tsy feno, na koa vonjy tavan'andro dia mitarika ho amin'ny fiainana kristiana matroka izay miroso tsy misy fiafarany ho amin'ny fiainana eo ambany aloky ny fanamelohan-

[18] Isaia 6.5
[19] Isaia 59.1-2
[20] Matio 3.2, 4.17, Asan'ny Apostoly 2.38, 17.30

tena. Io fanamelohan-tena io no mangalatra ny fifaliana sy ny antoka manoloana an'Andriamanitra sy manoloana ny olona. Ny fiainana ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra amin'izany toe-panahy izany dia mitarika ho amin'ny fahasorenana. Aza mizotra (na aza mizotra intsony) amin'izany lalana izany !

Tamin'ny alalan'ireo sekoly manofana ho amin'ny fitoriana ny Filazantsara notarihiko dia nanana fahafahana nandray ny fampianaran'ireo mpitondra teny avy amin'ny kaontinanta dimy aho. Vao maika tena nahaliana ny fijoroana vavolombelon'izy ireo satria maneho sady mizotra mankany amin'ny valinteny manolona ny fanontaniana apetraky ny olombelona rehetra fatratra : *Azo eritreretina ve ny hiainana fiadanana sy fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny maha-sakaiza Azy amin'ny fomba maharitra ?*
Eny ! Tery ny lalana, indraindray mampatahotra, mikitoantoana, saingy tena misy. Efa hitan'i Davida mpanjaka io lalana io : « Hampahafantatra ahy ny lalan'aina Ianao; fa ***havokisam-pifaliana no eo anatrehanao***, ary fahafinaretana no eo an-tananao an-kavanana mandrakizay. »[21]
Zaraiko aminao eto izay tena nanampy ahy tamin'ny ady amin'ny fahotana sy ny fanamelohan-tena.

### *Fanadiovana goavana mahakasika ny fahotana*

Efa nandray ny tandrify Azy Andriamanitra tao amin'i Kristy. Izy no nandray fanapahan-kevitra hanao ny fampihavanana raha fony mbola fahavalony isika. Ankehitriny kosa, mba hiainana ny maha sakaizan'Andriamanitra antsika sy hitoerantsika amin'ny maha-sakaizany antsika dia misy andraikitra telo lehibe ***miandry*** antsika. Fantaro tsara mahakasika azy ireo :
**1.** « ***Raha miaiky ny fahotantsika isika***, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. »[22]
**2.** « Ary raha mitsangana mivavaka ianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia ***mamelà ny helony***, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo. »[23]
**3.** « Ary amin'izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka ***mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahinao***, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao. »[24]
Noho izany, ny fahadiovana lehibe dia mahakasika ny :
- fiekena ny fahotana,
- famelana izay nandratra antsika,
- fangatahana famelana amin'ireo izay tafintohina noho ny nataontsika ary fanarenana ny fahadisoana araka izay azo atao.

### *Miaiky ny fahotana*

Tsy misy dikany ny fombafomba, ny zava-dehibe dia ny fandehanana amin'ny fahamarinana. Ny dikan'izany dia izao : ny amintsika manontolo mihitsy no mandray anjara amin'ny dingan'ny fibebahana. Mikiky ny fotoanantsika, ny herintsika ary ny volantsika ny fahotana. Mitondra fiatraikany amin'izay sarobidy indrindra amintsika izy : ny fifandraisantsika, eny indraindray aza ny fahasalamantsika. Moa ve tsy ny hiaikena azy mazava, ny fanononana azy amin'ny

[21] Salamo 16.11
[22] 1 Jaona 1.9
[23] Marka 11.25
[24] Matio 5.23-24

fomba matotra eo anatrehan'Andriamanitra no tokony hataontsika toy izay manonononona teny tsy am-piheverana sy safo be mantsina ?
- Amin'ny alalan'ny ***saiko*** dia ekeko fa manimba ny fahotana, ratsy sady zava-doza. Manokana fotoana mihitsy aho hanonona eo anatrehan'Andriamanitra ny fahotana tsirairay izay fantatro, tsy misy fialana bala ; avonavona, lainga, fisainana miafina, fialonana…ary mangataka famelana Aminy. Tsy manamari-tena aho, fa kosa manaiky ny maha-tompon'andraikitra feno ahy.
- Ny alaheloko (anaty na hita maso, nefa tena mitombina) dia maneho ny ***fihetseham-poko*** manoloana ny fandravana tsy am-piheverana nataoko.
- An-***tsitrapo*** no hialako amin'io fomba fiaina io, handraisako ny famelana feno avy amin'Andriamanitra sy ny fahamarinan'i Kristy.

### *Mamela heloka*

Tsy mora ny mamela heloka ; sady tsy voa-janahary io no tsy mandeha ho azy. Saingy nambaran'i Jesosy mazava tsara fa tsy hamela ny helok'izay tsy miaina ny famelankeloka ny Rainy.
Mitaona anao aho hiato kely manoloana ny lisitra etsy ambany, ary amin'ny fiombonanao amin'i Kristy, ambarao mafy amin'ny feonao ny famelanao ireo olona izay voakasika. Ambarao mazava izay avelanao. Mila fotoana vao ho sitrana ny fihetseham-ponao, mety mbola hisy fahatezerana na fangidiana hiseho indraindray ; aza manahy be loatra, satria ny safidinao no tena zava-dehibe : « Mamela ny helok'i … aho noho izao sy izao. Tompo o ! Apetrako eo antananao ny fitsarana rehetra. Fa izaho kosa manomboka eto dia misafidy amin'ny alalan'ny hetsika sy ny fisainana ny hikatsaka ny tsara lavitra ho an'io olona io. » Raha toa ka efa maty ilay olona, ambarao eo anatrehan'Andriamanitra ny famelanao azy. Raha tsy vitanao ny hamela heloka dia mivavaha toy izao amin'Andriamanitra : « Tompo o ! Tsy vitako ny hamela ny helok'i …, saingy ***te*** hamela azy aho. Ataovy ao am-poko ny fahafahana mamela heloka.

### Fisaintsainana

Tena namela ny helok'ireto olona ireto ve aho…
- Ny ray aman-dreniko ?
- Ny iray tampo amiko ?
- Ny vadiko ?
- Ny fianakaviako ?
- Ny mpiara-monina amiko ?
- Ireo namako any am-pianarana (taloha na ankehitriny) ?
- Ireo mpampianatra ahy (taloha na ankehitriny) ?
- Ireo mpiara-miasa amiko sy ireo mifanerasera amin'ny tontolon'ny asa ?
- Ireo olona niaraka na miaraka amiko ?
- Ireo mpitondra ara-politika ?
- Ireo mpitarika ahy ara-panahy ?
- Ireo rahalahy sy anabaviko ao amin'i Kristy ?
- Ireo olo-malaza ?
- Ireo olona hafa akaiky na alavitra ahy, ireo mpiara-belona amiko na tsia ?
- Izaho manokana ?

### *Manarina ny fahadisoana*

« Ny adala mihevitra fa tsy ilaina ny manarina ny fahadisoana, saingy manjaka ao amin'ny olona mahatoky ny fahatsarana. »[25] « Amin'ny fahalemem-panahy sy ny fahatokiana no ahafahana manarina ny fahadisoana. »[26]

Tsaroako ilay andro iray tena niavaka fony aho mbola nianatra. Noheverin'ny mpampianatra teny fantsay anay fa ny fomba tsara indrindra hanampiana anay hahay hanoratra tsy misy diso dia ny famelana anay hanitsy izay nosoratanay, avy eo manisa ireo fahadisoana nataonay. Maro tamin'ny mpianatra no nanararaotra nanao hosoka ka nahazo naoty avo roa heny noho izay mendrika ny asany. In-dray andro dia tsy nampoizinay fa avy hatrany dia nangonin'ny mpampianatra ny kahie-nay ary izy no nitsara ny sora-tononina nataonay ; maro no nilatsaka be ny naotiny…Ny ampitsoin'iny, tamim-pahatezerana mafy no nitenenany ny iray kilasy nandritra ny fotoana lava. Natsiaro tena ho nivadihana izy…Fotoana fohy taorian'ny nitsaharany dia nandray lesona ny ankamaroan'ny mpianatra. Ireo izay nanao hosoka, sy ny ankamaroan'ny mpianatra dia niray hina ary nanatona ny trano voatokana ho an'ny mpampianatra ka nangataka famelana taminy.

Mahita fangatahana famelana ihany koa isika eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena. Mety tsy voatery ho tena lalim-paka sy tena tamin-kitsipo araka ny tokony ho izy avokoa izy rehetra, saingy na izany aza ireny dingana ireny, izay indraindray nandrasana tao anatin'ny taonjato maro dia tena manan-danja tanteraka. Ny vahoaka sy ny mpitondra izay manda tsy hanetry tena manoloana ny hetsika fantatra sy voaporofo dia noheverina ho toy ny mpiatsaravelatsihy, mafy loha ary tsy misy ilana azy.
Ho ahy manokana dia efa an-taona maro taorian'ny nandraisako fanapahankevitra hiroso amin'ny finoana vao azoko fa mila manao fanadiovana aho mahakasika ny fifandraisako amin'ny hafa. Nandohalika aho niaraka tamin'ny taratasy sy penisilihazo teny an-tanako ary niaiky teo anatrehan'Andriamanitra aho fa hangataka famelana amin'ireo izay tafitohina noho izay nataoko. Avy eo dia na tamin'ny alalan'ny soratra na tamin'ny alalan'ny teny no nanekeko sy niaikeko ireo fanaratsiana, fanambaniana, fanaovana tsinontsinona reo namako marobe tamin'ny fahazazako, olona maro no natoniko tamin'izany. Indraindray dia tena tsy mora tamiko ny nanao izany, tamin'ireo ray aman-dreniko ohatra sy tamin'ireo olona akaiky ahy, na ireo olona nanana ny maha-izy azy, sy ireo izay olona manam-pahefana. Iray amin'ireo dingana lehibe indrindra tamin'ny fiainako vaovao miaraka amin'i Kristy ireo hetsika ho famerenana amin'ny laoniny ireo.
Araka ny hevitrao ary ; mety ve ny miova fo, mitory ny Filazantsara amin'ny manodidina ny tena sady mamela ny tsy fahamarinana, halatra, ary indraindray zavatra tena maharikoriko tsy nekena sy tsy niaikena, hanaraka ao aorianan'ny tena ao ? Vonona hanao dingana ve ianao ?
Ny dingana voalohany dia ny fangatahana famelana amin'Andriamanitra, saingy mifamatotra akaiky amin'ny dingana mitovy aminy dia manoloana ireo olona nizaka ny vokatry ny fahadisona natao. Azontsika fintinina toy izao ilay dingana :
- Raha Andriamanitra irery no nanaovako fahadisoana dia Izy no angatahako famelana.
- Raha nanao fahadisoana taman'olona aho dia mangataka famelana amin'Andriamanitra sy amin'ilay olona.

Tsy nino mihitsy ireo mpitandro ny filaminana raha nahita an'i Nicky Cruz (mpitarika jiolahimboto tany New York teo aloha) sy ny namany nankany amin'ny biraon'ny polisy nanatitra ny fitaovam-piadiany. Ireny asan'ny fahamarinana, famerenana amin'ny loniny,

[25] Ohabolana 14.9 (dikan-teny malalaka)
[26] Ohabolana 16.6 (dikan-teny malalaka)

antsoin'ny Soratra masina hoe *voa mendrika ny fibebahana* ireny no manaporofo ny fiovam-piainana tena marina. Angamba ny tena nanampy ilay lasa vadiko ho tonga amin'ny fiovam-po dia ny fahitany ny anadahiny namerina ireo zavatra nangalariny tany amin'ny mpivarotra, sy ny fahavononany hanonitra ny fahadisoana vitany ary hanaiky izay mety ho fanenjehana hatao aminy.

### *Ahoana no atao raha hangataka famelana ?*

Rehefa vonona hanarina ny fahadisoana vita ianao dia ataovy izany :
- *Amin'ny fomba tsotra* ; toy izao ohatra no ambaranao : « Nanapakevitra ny handamina ny fiainako aho ; izaho no namaky ny kodiaran'ny fiaranao tamin'ny herintaona. Mifona aho ary tonga aho hangaka famelana aminao ary hanonitra izay laninao (na : tsy vitako ny hamerina aminao izay lany in-dray mandeha, fa manolo-tena aho ny hanome ny ampahany anio ary hanohy hamerina izany isam-bolana). »
- Amin'ny fo madio : « Isan'ireo nitarika ny zanakareo ho amin'ny fidorohana zava-mahadomelina aho ; malahelo ny foko ankehitriny, menatra aho ary mangataka famelana an-kitsipo aminareo. Tsy afaka hiverina any amin'ny lasa aho, fa tiako ho fantatrareo fa manaiky ny fahadisoako aho ary hanao izay azoko atao rehetra hiaina fiainana vaovao amin'ny ho avy. » Aza tononina ho toy ny fahalemana ny fahadisoanao, tonony amin'ny anarany ny fahotanao : « Nandainga taminao aho, nangalatra taminao aho… », aza miala tsiny, mangataha famelana.
- *Am-panetren-tena* ; aza ny traikefanao ara-panahy no indraindraina, fa omeo haja kosa ireo izay tafitohina noho ny nataonao. Hohitanao fa ho voakasik'izany izy ireo.
Nandritra ny asa fitoriana nataon'i Billy Graham tany Sydney dia nisy lehilahy iray nanodikodina vola be tao amin'ny banky niasany nanatona ny lapihazo. Na dia tsy nisy nahatsikaritra ny fisolokiana nataony aza dia nitonontena tamin'ny lehibeny izy ny ampitso ary nivonona ny hamerina ny vola rehetra, na dia teo aza ny fandroahana sy ny fanenjehana mety hahazo azy. Tena gaga nanoloana ny fiovana niseho tao am-pon'ity mpiasany ity ilay lehiben'ny orinasa ka tsy vitan'ny hoe notazominy hiasa fotsiny ilay rangahy, fa nanatrika ny asa fitoriana izy ny ampitso hariva ary nanolotra ny fiainany ho an'i Kristy.[27]
Hankasitrahana hatrany ny dingana ataonao amin'ny ankapobeny. Mety hisy anefa fihetsika hafa mihitsy ary dia mila mivonona ny hiatrika izany ianao. Manoloana lafin-javatra tena saropady dia tsara kokoa ny mangataka tolo-tsaina amin'ny olona matotra ao amin'i Kristy alohan'ny hanaovana hetsika.

### *Rahoviana no tsy tokony hangataka famelana ?*

Ny fanonerana dia tokony hanana tanjona ho famerenana amin'ny laoniny, ho fanasitranana ary ***hahasoa ny hafa*** hatrany. Mampisalasala ny fanombohana hanao hetsika baikon'ny fitiavan-tena izay tsy manana tanjona afa-tsy ny hampitoniana ny feon'ny fieritreretana. Mangataka famelana amin'olona iray aho satria nanenina aho noho ny ratsy vitako taminy. *Fihetsika* ratsy izay tsy ho azon'ilay olona an-tsaina akory izany, tsy misy antony akory ny hiekena izany aminy, ratra no aterak'izany fa tsy fanasitranana.
Ireto misy ohatra vitsivitsy *tsy natao harahina* :
- Mangataka famelana aminao aho fa tsy tia anao !
- Mangataka famelana aminao aho fa tezitra taminao nandritra ny taona maro.
Na ihany koa :
- Mangataka famelana aminao aho noho ny fanaratsiana nataoko taminao, nefa aza hadino fa ianao koa nanaratsy ahy mihoatra noho izay nataoko taminao.

---

[27] Notsoahihna tao amin'ny boky nosoratan'i Billy Graham, « Tel que je suis » Pejy 385, nahazoana alalana.

Tsia ! aza afangarao izay tsy tokony hifangaro. Ny fanonerana dia fanamboarana izay tokony hamboarina. Aza afangaro amin'ny ampamoaka mifono haratsiam-panahy ny fanonerana, aza afangaro amin'ny fanitsiana ny hafa na amin'ny fiampangana azy amin-javatra madinika na lehibe. Na isika miaiky ny fahadisoantsika, sady mamela ny hafa handray ny andraikitra tandrify azy sy hanetry tena raha misy antony hanaovany izany, na isika manapakevitra hanitsy izay nanao diso tamintsika amin'ny fo madio. Raha toa ka misy fifandonana dia tsaratsara kokoa raha mila ny fanampian'olona fahatelo izay fidin'ny andaniny sy ny ankilany ary arahina faniriana mazava ny hiavana. Ny fanonerana tsy misy fahalotoana dia tokony handeha amin'ny mazava ary mitarika ho amin'ny fanasitranana ny fifandraisana.

***Tsy natao hamerina ao anatin'ny fotoana fohy ilay nanao fanonerana***

Miaro antsika amin'ny fahotana maro ny fahavononana hangataka famelana amin'izay rehetra nanaovantsika tsy rariny. Nandeha fiaramanidina hamonjy asa misiona tany Afrika aho. Tsy fantatro hoe inona no antony fa raha iny aho nanoloana ny trano fivoahana iny dia toa nahatsapa fahatezerana aho ary te-handaka mafy izay zavatra tandrify ahy ! Gaga aho fa niendaka ho azy teo ilay efitra nampisaraka ny trano fivoahana ! Avy hatrany dia tsy maintsy niaky ny fahadisoako tamin'ny tompon'andraikitra aho… Azonao an-tsaina ve : misionera feno fahatezerana namotika rindrina tao amin'ny trano fidiovan'ny fiaramanidina ! Gaga sy nalahelo sady menatra aho niondrika nijery ny fahasimbana. Hay ilay izy armoara kely iray nisokatra noho ny dona nahazo azy, ary tsy nitondra fiatraikany hafa. Nahatsiaro maivana aho, nahatsirao fanafahana tsy misy toy izany ! Tiako ny milaza aminao fa taorian'io zavatra niainako io dia tsy te-hamerina izay niseho intsony aho !
Zavatra ara-dalana ny fangatahana famelana amin'ireo izay nanaovantsika tsy rariny. Miaina fifandraisana maloka, feno ankinafinafina, tahotra sy fiahiahiana ny mpivady, ny fiangonana, ny mpiara-monina izay tsy miaina izany.
Rehefa ampianarina amin'ny fomba madio ny fanonerana ireo izay vao niova fo dia hiorim-paka tanteraka ny hamarinam-pototry ny fiovam-pony sy ny fanajan'ny manodidina azy. Hiverina indray ny tahotra an'Andriamanitra ary na ny mpanao ratsy aza dia hanomboka hieritreritra manoloana izay ho vokatry ny ataony.
Aoka hatoky ianao fa voadio in-dray mandeha tsy miverina ny lasanao. Midira ao amin'ny fianam-pahamasinana kosa manomboka izao ka izay fahadisoana natao tamin'ny hafa dia natao hekena. Hoy Jesosy : « Izay efa nandro tsy mila hosasana, afa-tsy ny tongotra ihany, fa efa madio avokoa »[28]
Ny fandroana dia azo heverina ho ilay fanadiovana lehibe voalohany, ny fanasana tongotra kosa dia fomba fiaina ao anatin'ny fahamasinana.

**Afaka soratanao ao amin'ny kahie fandraisana an-tsoratra ny fihaonanao amin'Andriamanitra izao :**
- Ireo ota izay nekenao sy nialanao,
- Ireo olona izay navelanao heloka,
- Ireo olona hangatahanao famelana.

***Ahoana no atao amin'ireo fahalemen'ny toetrantsika ?***

« Manaova izay zotom-po rehetra kosa ianareo, ka amin'ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin'ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, ary amin'ny

[28] Jaona 13.10

fahalalanareo dia ***fahononam-po***, […] Fa raha ananareo izany zavatra izany, sady anananareo betsaka, dia tsy avelan'izany ho malaina na tsy hahavokatra hianareo amin'ny fahalalana tsara an'i Jesosy Kristy Tompontsika. »[29]
Nanome teny feno fahasahiana sy mitondra famonjena i Luis Palau raha nanameloka ireo fakam-panahy telo mifamatotra amin'ny asa fanompoan'ireo mpitory Filazantsara miisa efatra arivo nanoloana azy izy dia ny : avonavona, ny fitiavam-bola ary famitahan'ny firaisana ara-nofo. Hafatra natao ho fisorohana no nentiny, hafatra manana tanjona ho fanombohana asa atao am-pahazavan-tsaina sy am-pahatokiana (manaova izay zotom-po rehetra) mizotra ho amin'ny fahamasinana, fampiorenana, fikatsahana ny fahatahorana an'Andriamanitra ho fampisehoana fiainana miaina amin'ny mazava.
Niresaka mahakasika ny « faritra mena » izay mamparefo ny fiainan'ny mpivady amin'ny maha-mpinamana azy, sy ny fomba ahafantarana azy sy hanasitranana azy aho any amin'ilay bokiko mitondra ny lohateny hoe *Ahoana no hampahomby ny fanambadiana.* Tsy misy hafa amin'izany koa ireo fahalemena mpahazo antsika ; azo atao tsara ny mitsabo sy manarina azy ireny : « Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ***ovana*** hahazo izany endrika izany indrindra isika.»[30]
Vonona ny hanova antsika Andriamanitra. Raha vonona ihany koa isika dia sady ho haingana no tsy hangirifiry loatra ny fanovana.
In-dray andro dia nisy adolantsento iray nanatona ny mpitandrina azy ka niteny taminy hoe : « Andriamanitra tsy miteny amiko mihitsy ! » Namaly azy ilay mpitandrina nanao hoe : « Tianao ve raha hiteny aminao Izy afaka dimy minitra ? Mitokana ianao ary angataho Izy hoe : Tompo o ! inona no tianao hovana amin'ny toetrako ? » Niroso tamin'ilay fanamby ilay zatovo vavy ; ny Tompo ihany koa… Misy fanontaniana izay tena tiany hapetrantsika Aminy. Ny famantarana ny herintsika sy hifaly amin'izany, ny fahafantarana ny lesoka eo amintsika sy ny hiroso amin'ny fahasitranana dia dingana lehibe mankany amin'ny fiainam-pahamatorana. Tsy misy zavatra sarotra ovaina mihoatra ny olombelona iray tsy mahalala na inona na inona sy mirehareha ao anatin'ny haratsiam-panahiny.
Misy olona tena tia manompo ny hafa saingy liana amin'ny zava-dratsy ; ao indray ireo manana toetra feno fifaliana saingy miovaova be ihany sady mora mirefotra. Tsy ny fiekena ny helontsika no tiana hahatongavana eto, fa kosa ny handraisana an-tanana ireo fironana mifono faharatsiana toy ny : fisainana mirefarefa amin'ny tany, ny filana sitraka, fizahana tavan'olona, firaiketam-po amin'ny fahadiovana sy filamianana diso tafahoatra, hakanosana, kitoatoa, fikorontanana, fifosana, tsy firahirahiana ny fahatsapan'ny hafa, tery saina, tsy mety afa-po sady tsy tia manome, fisainan-dratsy sy ny maro hafa izay mila fantarina. Rehefa fantatra ny amin'ireo dia afaka manomboka ny fanasitranana. Ireo fahalemena ireo dia toy ny hoe « ampandroina » eo anatrehan'Andriamanitra, izany hoe karakaraina toy ny ratsam-batana avy nandalo fitsaboana. Mila vavaka mifantoka sy mahery vaika ireo fahalemena ireo. Amin'ny fiarahana miasa amin'ny Fanahy Masina dia hanalavitra antsika ireo fahalemena ireo ary fomba fiaina vaovao no hivelatra eo amintsika. Ny olona tsy mety afa-po sady tsy tia manome ohatra dia hanomboka ho tia mizara. Ny lehilahy izay mora lavo amin'ny alalan'ny zavatra jeren'ny masony ohatra hanomboka hanana fahazarana hanova ny zavatra jereny eo amin'ny fahitalavitra isaky ny misy sary mitaona ho amin'ny filana hitany. Ny mpifosafosa teo aloha kosa indray hametraka tanjona hanakombona ny vavany sy hianatra hihaino. Fa raha mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina, hoy ny Soratra Masina[31]. Tsy misy endrika fanaovana hetsika am-pahasorenana ao anatin'izany, na koa fandinihan-tena mifono

[29] 2 Petera 1.5-8
[30] 2 Korintiana 3.18
[31] 1 Korintiana 11.31

faharatsiana, fa kosa fampiharihariana ny tsy fahatanterahantsika manoloana ny Masoandron'ny fahamarinana, mba hiovany. Mahakasika antsika rehetra izany.

**Afaka soratanao ao amin'ny kahie mirakitra ny fihaonanao manokana amin'Andriamanitra ireto :**

- Ny herinao, izany hoe ireo talenta voajanahary sy fanomezam-pahasoavana izay isaoranao an'Andriamanitra sy ampiasainao hanompoana an'i Kristy.

- Ny fahalemenao izay entinao am-bavaka tsy tapaka manoloana ny Masoandron'ny fahamarinana, na izay ao amin'ny fisainana, na mahakasika ny fahazarana, na koa toetra, na tsy fahatanterahana.

***Fanadiovana lehibe mahakasika ny fanamelohan-tena***

Andeha ho jerentsika fohy ny amin'ireo antony lehibe roa mitarika ho amin'ny fanamelohan-tena mba hahafahana mandray an-tanana azy amin'ny fomba mahomby.
- ***Ny feon'ny fieritreretantsika***. Izy no ilay « Jiron'i Jehovah itsilovana ny efitrefitra rehetra ao am-po. »[32] Izy no mampitaha izay heverintsika ho marina amin'izay miseho eo amin'ny fiainantsika.
- ***Satana***. Izy izay voalaza ho « ilay mpiampanga ny rahalahintsika. Dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman'alina »[33] Feno fialonana antsika, ny fiantsoana antsika, ny toerantsika amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika izy, dia isika izay mitondra ny endriny. Tsy zakany mihitsy izany ; amin'ny maha-mpampisara-bazana azy dia miampanga an'Andriamanitra manoloana ny olona izy, ary miampanga ny olona manoloana an'Andriamanitra. Mahatsiaro tena ho meloka hatrany ve ianao ? Tapa-tory ve ianao noho ny fanafihan'ny fanomezan-tsiny ?
***Tsy hiraharaha sa hanao hetsika***…
Amin'ny ankapobeny dia vahaolana roa no atolotry ny filozofy ankehitriny : tsy misy akory izany Satana sy ota izany, ary raha sendra misy izy dia tsy dia zava-doza loatra ny fisiany. Miteraka fiarahamonina mamela malalaka hanao izay tiany hatao izany fisainana izany izay mivoana mankany amin'ny fiainana tsy misy lalàna. Ny fandavana ny fisian'ilay Ratsy dia manamora ny asany ; ny fampanginana ny feon'ny fieritreretana dia midika ho famonoana ny fanairana raha misy trano may, amin'ny fanantenana fa ho faty ho azy ny afo.
Manao fandidiana ny dokotera mpadidy izay afaka mamonjy ny ain'ny maririny amin'ny fanesorana homa-miadana mitarika ho amin'ny fahafatesana. Tsy hiteny na oviana na oviana izy hoe tsy misy izany homa-miadana izany, na hoe hanjavona ho azy eo ireo soritr'aretina. Mariky ny fitiavana ny famantarana ny ratsy mba hahafahana manala azy. Raha tsy misy fankatoavana dia zary nofinofy fotsiny ny fanafahana amin'ny fanamelohan-tena. Niaina am-bolana maro niaraka tamin'ny fijangajangana sy vonoan'olona tao amin'ny feon'ny fieritreretany Davida mpanjaka ; ahoana ary ny fomba niainany izany ? « Raha nangina aho, dia nihalany ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva, fa efa navesatra tamiko andro aman'alina ny tananao; niova ny fahatanjahako toy ny azon'ny fahamainana amin'ny lohataona. »[34]
Na omaly na ankehitriny dia mitaky fanovana fahazarana sy fomba fisainana hatrany ny vahaolan'ny Baiboly mahakasika ny ota.

---

[32] Ohabolana 20.27
[33] Apokalypsy 12.10
[34] Salamo 32.3-4

### *Fisalasalana sa finoana…*

Aoka ho tsaroantsika fa : « Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia ***mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika*** sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. » Rehefa ekentsika ny fahotantsika dia hamarinin'Andriamanitra ny famelana ny helontsika. Na izany aza anefa, matetika ny feon'ny fieritreretantsika sy ny devoly toa miray saina handresy lahatra antsika ny mifanohitra amin'izany : « Aza manonofy antoandro eo, tsy tena voavela heloka izany ianao, tsy azo eritreretina izany. » Rehefa tafapetraka ny fisalasalana dia misamboaravoara miaraka amin'izay ihany koa ny fihetseham-pontsika. Inona ary no hataontsika ? Raha tokony hino an'Andriamanitra isika dia mangataka famelankeloka Aminy fanindroany indray, tsy manova n'inon'inona anefa izany, hany ka miditra ao anatin'ny tsianjery miverimberina fanaon'ny olona manompo sampy isika ! Zary lasa fahazarana ho antsika ny mandany ny androntsika ao anatin'ny fanamelohan-tena tapatapany.

Inona ary no atao ? « Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. »[35] Ny finoana an'Andriamanitra, izany hoe fandraisana ny famelany, izay no resaka eto, dia tena manandanja. « Na amin'inona na amin'inona no anamelohan'ny fontsika antsika, satria Andriamanitra lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra. »[36] Manapakevitra aho ny hino Ilay lehibe noho izy ireo. Ny teniny noho izany no lasa fenitra ho an'ny fontsika sy ny feon'ny fieritreretantsika, fa tsy ny mifanohitra amin'izay. Raha manohy manameloka antsika manoloana ny fahotana efa nekena na ny devoly na ny fisainantsika dia aza omena rariny ! ***Beazo*** ny feon'ny fieritreretantsika hifanitsy amin'ny Tenin'Andriamanitra fa ***hanaraka fotsiny ny fihetseham-pontsika***.

Raha ny amin'ny mpiampanga indray, dia aoka ho tsaroantsika, fa raha inoana ny laingany dia hanana fahefana amin'ny fisainantsika izy ; saingy rehefa miharihary ny maha-mpamitaka azy dia hirodana toy ny trano vita tamin'ny karatra izy. Raha te-hanana fiadanana aho ao anatiko ao dia mila atsahatro ny fanomezana sehatra ny hafatra alefan'ny devoly, fa haveriko any aminy izay nandefa azy izany. Raha kitikitihiny isika amin'ny filazana hoe : « Tena niteny izany tokoa ve Andriamanitra ? Tena voavela heloka tokoa ve ianao ? Andeha hotoherintsika amin'ny finoana miorim-paka izy, finoana tohanan'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy ho ady tsy misy fitsaharana ho fanoherana ny fanamelohan-tena intsony ny androntsika, fa kosa ho andro feno fahafahana.

### *Fisaintsainana*

Nanao asa tanteraka sy ampy teo amin'ny hazo fijaliana ho famonjena ahy amin'ny fahotako sy ny fampahorian'ny fanamelohan-tena Jesosy. Tsy ny fiakeko ny fahotako na ny famelana izay omeko ny tenako, na izay angatahiko no manamarina ahy, fa Kristy. Ny hetsika fibebahana ataoko dia vokatry ny famoram-panahiny[37] ; izany hetsika fibebahana izany dia raisiko ho toy ny fomba fiaina isik'izay ilana azy. Ny finoana ny famelan-keloka omeny sy ny fanomezan'ny fahamarinana dia miaro ahy amin'ny fanamelohan-tena mitarika fahosana ary manome fahafahana ahy handa ny fanamelohan'ny devoly. Misy fahasambarana lalina ny fiarahana mandeha amin'ny Fanahy Masina amin'ny fananana toky fa efa voavela heloka.

---

[35] Matio 6.7

[36] 1 Jaona 3.20

[37] Araka ny Romana 2.4

### *Mitoetra ho madio isan'andro*

« Ary amin'izany dia mikely aina koa aho mba hanana fieritreretana tsy manameloka ahy na amin'Andriamanitra na amin'olombelona mandrakariva »[38]

Natao hiainana, natao hokolokoloina ary natao hiorim-paka isan'andro isan'andro ny fahamasinana. Andeha horaisintsika ohatra ny fiainana andavan'andron'ity kristiana iray sivy ambinifolo taona antsointsika hoe Fredy. Miofana ho mpandrafitra izy, lahimatoa ary manana zandry lahy roa izy ary mbola miara-mipetraka amin'ny ray aman-dreniny. Toy ny mahazatra dia manomboka amin'ny fihaonana manokana amin'Andriamanitra ny androny. Vatany vao avy misakafo maraina izy dia mamelona ny môbiletiny ka mamonjy ny toeram-piasany. Mitohana be izay tsy izy ny fifamoivozana ; teo amin'ny sapanan-dalana iray dia maty ny fiara teo alohany ka nitondra fahasorenana taminy. Mikorotan-tsaina avokoa ny manodidina azy, nitabataba tsy misy toy izany ny « klaxon » fiara sy ny rahom-bava. Tsy nisy nahatsikaritra, fa Fredy koa nahatsiaro tena ho natao tsinontsinona ; niasa mafy ny sainy, nanomboka nitombo ny fahasorenana tao anatiny ary dia te-hivazavaza mafy na hanitsy ilay mpamily ihany koa izy. Azo heverina fa nanomboka tamin'io fotoana io dia ho fihetsika feno herisetra no hanapaka ny tontolo androny, saingy fantany fa afaka ny hibebaka fotsiny izy ka hiverina amin'ny laoniny ny fitoniany. Nanao safidy tsara izy satria nihaino am-pahalinana ny feon'ny fieritreretany, hany ka na dia navesatra aza ny niainany ny tapak'andro maraina dia niainany tamin'ny mazava. Nandray tombontsoa tamin'izany na ny asany na ny fifandraisany tamin'ny hafa.
Tsy nisy zavatra nisongadina indray raha tsy ny tolak'andro hariva izay nandrenesana fisondrotan-toerana teo anivon'ny toeram-piasana, fisondrotan-toerana izay nitarika fifanakalozan-kevitra mafana sy feno fifaninanana toy ireny tantaram-pitiavana vao nivoaka farany tamin'ny fahitalavitra ireny. Nanomboka nivaralila ny fiarahana ; nararaotin'ny mpiara-miasa iray izany mba hanomezana tsiny an'i Fredy izay nalaim-panahy hamaly avy hatrany ny fanomezan-tsiny natao taminy, indrindra moa fa tsy namela azy hipetra-potsiny amin'izao ilay zatovo vavy. Fantany anefa fa valinteny valinteny am-pahatoniana kokoa no ilain'ilay namany fa tsy teny mafy mifono fananarana. Nanda ny hiditra amin'ny kilalao maloton'ireto akoholahim-bohitra izy ary dia tsy niteraka olana ilay zava-niseho.
Nilamina tsara Fredy ny hariva. Raha izy nankafy ny fiarahana misakafo amin'ny ankohonana iny indrindra no nikikikika mafy tsy fantatra hoe naninona ny zandriny lahy sady nandaka ny tongony. Samy niteny daholo ny mpianakavy ary dia tabataba tsy misy toy izany no niseho. Tsaroan'i Fredy ireo fihetsika nifono herisetra nampiavaka azy vao tsy ela, fihetsika izay nampalahelo ny manodidina azy sy ny tenany manokana ihany koa. Tamin'ity indray maka ity, na teo aza ny fanaintainany dia nisafidy handeha amin'ny lalana ety natao halehan'ny mpianatra izy.
Mijery fandaharana mandefa hira eo amin'ny fahitalavitra indray izy izao ; nampiala voly ny fanombohan'ilay fandaharana saingy ny fiafarany kosa toa matsatso sy tsy misy dikany. Rehefa nandeha hatory izy dia tonga saina fa hay izy nandany fotoana sarobidy natokana hatoriana sy hialana sasatra amin'ny fomba madio. Niaiky ny helony tamin'Andriamanitra izy ary nandray ny famelany alohan'ny hatoriana.

Tao anatin'ity andavan'androm-piainana iray ity izay tsy noezahina tsy noresahina ireo lafin-javatra maro hafa dia zavatra tokana ihany no tiako hasongadina dia izao : azon'i Fredy natao ny niaina io andro io tamin'ny alalan'ny feon'ny fieritreretana tsy milamina. Nanao fahadisoana in-droa miverina izy, saingy nitsangana kosa mba hanohy ny diany amin'ny fandehanana amin'ny mazava. Nivoaka mpandresy tamin'ny fakam-panahy maro ihany koa izy. Ahitana

[38] Asan'ny apostoly 24.16

taratra ireo andavan'androm-piainana nibatana fandresena sy nolanilaniana fahatany io ohatra tsotra iray io. Nibatana fandresena mandrakizay satria niainana araka ny soatoavin'ny fanjakan'Andriamanitra ; na nolanilaniana fahatany satria nobaikoin'ny ota, fanamelohan-tena ary ny aizina.
Raha niaro ny fony mihoatra noho ny zavatra rehetra Fredy ary namela ny fony hotarihin'ny Fanahy Masina manoloana ireo fisehoan-javatra madinika sy goavana tsy noho ny ota na ny fanamelohan-tena no hisongadina rehefa manao tombana izy amin'ny faran'ny taona fa ny fahamasinana sy ny fahafahana. Tsy hoe akory olona tsy fahita firy i Fredy, fa kosa manana Tompo mahery izy izay nanome azy ny zavatra rehetra mba hahafahany misaina sy manao hetsika toy ny zanak'Andriamanitra.
« Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako. »[39]

Andeha hotsarovantsika ihany koa ireto zavatra roa ireto :

***Tsy fahotana ny mianatra***. Mandroso eo ambany fanazavan'izay zavatra voarainy ny mpianatra tsara. Ny zaza iray dia mitombo amin'ny lafin-javatra rehetra. Na Jesosy aza dia nianatra ny nankato[40] ary raha mangataka antsika Izy ny mba ho tanteraka tahaka ny Rainy dia tsy mangataka antsika ho tahaka an'Andriamanitra Izy. Ny fitakiana hanao zavatra tsy azo tanterahina akory dia hitarika ho amin'ny fanamelohana antsika, ary dia hitarika antsika hanota amin'ny fotoana rehetra ! Ny zavatra andrasan'ny Tompontsika amintsika dia ny handehanantsika amin'ny fahazavana noraisintsika, tahaka ny Raintsika izay mandeha ao amin'ny mazava tonga lafatra.

***Tsy fahotana ny fakam-panahy***. Ny safidy hiditra ao amin'ny fakam-panahy no mitarika antsika hanota. Tian'i Satana ny mandresy lahatra antsika fa nanota isika nefa isika nalaim-panahy fotsiny ihany. Jesosy, Ilay modelintsika dia nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra saingy tsy nanota.[41] Afaka miara-ory amintsika Izy raha lavo isika ; indrindra indrindra, afaka miaro antsika tsy ho lavo izy rehefa miantso Azy isika.

Azonao tsara angamba fa tsy ny hanome anao fotoana mahafinaritra eo am-pamakiana fotsiny no tanjon'ity fizarana ity, fa kosa ny handresy lahatra anao manoloana ny andronao sisa rehetra ! Mandraisa fanapahan-kevitra feno fahasahiana hampihatra izay voalaza manomboka amin'ity ora ity !

**Afaka soratanao ao amin'ny kahie firaiketana ny fihaonanao manokana amin'Andriamanitra izao :**
- Ny fisaintsainana nataonao mahakasika ny
    fandraisana ny famelana avy amin'Andriamanitra,
    fanabeazana ny feon'ny fieritreretanao,
    fanoherana ny mpiampanga
    fandehanana amin'ny fahamasinana,
- Ny fomba nadrosoan'ny fisakaizanao amin'Andriamanitra arakaraka ny fahatsapanao fa mahazo aina ianao manoloana Azy.

[39] Salamo 23.6a
[40] Hebreo 5.8
[41] Hebreo 4.15

# Fizarana fahatelo

# Velona ny fisakaizana amin'Andriamanitra rehefa maheno ny feony isika

***Tia mifandray Andriamanitra***

« Mandrenesa, ry lanitra, ary mihainoa, ry tany, fa Jehovah no miteny. » « ary amin'izay dia ho fantatrao ny fahamarinana sy ny rariny ary ny hitsiny, dia ny làlana tsara rehetra. Raha latsaka ao am-ponao ny fahendrena, ary mamin'ny fanahinao ny fahalalana, dia hiaro anao ny fisainana mazava, ary hiambina anao ny fahalalana, ka hamonjy anao amin'ny làlan-dratsy sy amin'ny lehilahy izay miteny fitaka. »[42]
Taorian'ny dia misionera mihoatra ny dimampolo tany Afrika, sy tany amin'ny kaontinanta telo hafa ihany koa dia tsapako fa fanontaniana toy izao no miverina matetika : « Ahoana no hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hahalalana ny sitrapony ? »
Misy akony amin'ny fampianaran'i Jesosy izay milaza fa izay teny aloaky ny vavan'Andriamanitra no iveloman'ny olona, izay zavatra katsahin'ny olombelona rehetra izany, ho an'i Jesosy dia mivelona amin'izay ambaran'Andriamanitra Izy. Ny mofo ohanintsika isan'andro tsy avy amin'ny mpanao mofo fotsiny ihany, fa avy amin'ny vavan'Ilay Mpahary sy Raintsika. Ny nofontsika mivelona amin'ny mofo avy amin'ny olombelona, ny maha-izy antsika kosa mivelona amin'ny teny rehetra izay ambaran'Andriamanitra.[43]
Mihakely hery, mitsapatsapa ary mihalevona ny olombelona tsy maheno ny feon'Andriamanitra. Noho izany dia tena rariny loatra ny fiezahana hihaino Azy. Tsy amin'ireo safidy manan-danja ihany anefa, toy ny fahalalana izay ho vady, na mahakasika ny asa na ny toerana honenana, fa mahakasika ny andavan'androm-piainana mantolo mihitsy. Rariny loatra noho izany raha miresaka isan'andro amin'ny zanany fa tsy in-droa isan-taona na in-telo mandritra ny andro iainana ihany ny Ray.

***Tsy mety afa-po teny ve Andriamanitra ?***

Tsia sy akory. Samy hafa tanteraka amin'ny sampy Izy amin'ny fanasongadinana fa manana vava izy ireny fa tsy miteny.[44] Ho an'Andriamanitra ny firesahana amintsika dia tsy mba any amin'ny laharana faharoa. Tamin'ny alalan'ny teny no naharian'Andriamanitra izao rehetra izao. Jesosy no Ilay teny tonga nofo ka niara-nonina tamin'ny olombelona, Izy no Ilay Tenin'Andriamanitra. Ny fifampiresahana amin'i Kristy dia mamindra antsika avy amin'ny fombam-pivavahana (izay mety ho fanompoana atao ho an'ny tena) ho amin'ny fifandraisana. Teny no mampisy io fifandraisana io, na dia misy fomba hafa aza mameno azy na vokatra entiny. « Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre. » « Ankehitriny dia fantatray […] izany no inoanay »[45]

***Amin'iza Andriamanitra no miteny ?***

Moa ve amin'ireo olona manan-daza ihany Andriamanitra no miteny ? Tsia dia tsia. Niteny tamin'i Samoela zaza Izy ary tsy azo lazaina ho resa-jaza na zavatra tsy dia misy dikany ny hafatra nomeny. Niteny tamin'i Gideona izay niady mafy tamin'ny fanambaniany tena sy

[42] Isaia 1.2, Ohabolana 2.9-12
[43] Araka ny Matio 4.4
[44] Salamo 115.5, 135.16
[45] Jaona 4.42, 16.30

tamin'ireo fanontaniana marobe tsy nisy valiny Izy. Niteny tamin'i Ananiasy Izy izay natahotra an'i Saoly sy tsy nahalala fa izy no ho ilay vavolombelon'ny fiovam-po isan'izay manan-danja indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana manontolo.

Niteny Andriamanitra dia tanteraka izay nolazainy : « Misia mazava ! Dia nisy ny mazava. »[46] Miteny amin'ny zavaboary rehetra Izy, amin'ny voaariny rehetra, eny na amin'ny devoly aza. Jesosy, Ilay endrik'Ilay Andriamanitra tsy hita maso nibaiko ny rivotra, ny ranomasina, ny aviavy, tamin'ny ratsam-batana marary, niteny tamin'ny olona rehetra, nihaona taminy Izy na inona na inona saranga nisy azy, na ny fihaviany, na ny taonany na ny maha-lahy na maha-vavy azy. « Izao no nihaviako amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina. ***Izay rehetra*** avy amin'ny marina dia ***mihaino ny feoko***. »[47]

### *Zavatra ara-dalana ho an'ny kristiana tsirairay ny mandre ny feon'Andriamanitra*

« Izay miditra amin'ny vavahady no mpiandry ondry […] ary ny ondry mihaino ny feony; ary izay ondriny tokoa dia antsoiny ***amin'ny anarany avy*** […]; ary ny ondriny mahalala ny feony. »[48]
Manokana isika, toy ireo marika eo amin'ny ratsan-tanana na ny lavotondrontsika, ny toetrantsika na ny feontsika. *Ny anarantsika* tsy ilay voasoratra ao anaty kopia ihany ; eo imason'Andriamanitra dia mahakasika ny maha-izy antsika manontolo mihitsy ny anarana. Rehefa miantso antsika amin'ny anarantsika ny Tompo dia te-hampiditra antsika ao amin'ny tena anto-pisiantsika. Amin'ny alalan'izany Ilay Mpanjakan'izao rehetra izao dia manasa antsika ho amin'ny fisakaizana ankehitriny sy mandrakizay miaraka Aminy.
Miantefa any amin'ny ondry ny feon'ny mpiandry tsara, fa tsy ho an'ny amin'ny « girafe » na any amin'ny elefanta ara-panahy ! Ny olona vao niova fo dia mandre ny feon'ny Mpiandry ondry. Raha mitoetra ho liana sy miaina am-pahatsorana io fisakaizana vaovao izy dia hitohy higoka fifandraisana tena izy sy mitombo hatrany sady tsy misy fiafarany. Raha matory kosa izy, na manao tsinontsinona ny fianana amin'ny fahamasinana, na miavonavona, dia hesorina hiala aminy io fifandraisana sarobidy loatra io ary hanomboka hitsapatsapa izy. Jesosy kosa anefa nampanantena nanao hoe : « Izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina. »[49]

### *Inona no tena tian'Andriamanitra hahatongavana ?*

Hohitantsika amin'ny fizarana manaraka, fa tokony hiorina, halamina ary hizotra ho amin'ny fihainoana Azy ny fiainantsika. Miteny Izy dia manao hetsika isika – miharihary sy hita maso – amin'ny fomba mangina – amin'ny « fampandroana » ny lafin-javatra rehetra mahakasika ny fiainantsika amin'ny alalan'ny vavaka.
Hoy Jesosy tamin'ireo mpianany : «Izany zavatra izany dia efa ***nolazaiko*** taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ha ho tanteraka ny fifalianareo. »[50] Izy no manao hetsika tsy miandry baikoina. Amin'ny fangatahana antsika hihaino Azy dia izaràny ny harena miafiny isika. Manafaka sy manadio antsika ny tenin'ny fahamarinany. Miteny amintsika Izy, toy ny miteny amin'ny lehilahy sy vehivavy feno fanoloran-tena : « Te-ho namanao aho, tiako hianatra hahalala ny feoko ianao, te-hiresaka manokana aminao Aho, izany no fototra iorenan'ny iraka mandrakizay hataonao. »

---

[46] Genesisy 1.3
[47] Jaona 18.37, azontsiaka tsoahina araka izany fa na ny olona mafy fo aza maheno indraindray.
[48] Jaona 10.2-5
[49] Jaona 8.12
[50] Jaona 15.11

### *Ahoana no ataon'Andriamanitra rehefa miteny Izy ?*

Aoka ho tsaroantsika voalohany indrindra fa Andriamanitra dia Andriamanitra. Afaka miteny amin'ny fomba ren'ny sofina Izy noho izany, na oviana na ovina, araka izay tiany, na amin'iza na amin'iza ary na amin'ny fiteny inona na amin'ny fiteny inona. Ao amin'ireo tantara ao amin'ny Baiboly izay manaporofo izay dia miovaova hatrany ny haavon'ny feony, manomboka amin'ny bitsika mangina ka hatramin'ny feo toy ny kotro-baratra ! Niaina izany ny firenen'Israely manontolo nanoloana ny tendrombohitra Sinay : « Ary nony tamin'ny marain'ny andro fahatelo dia nisy kotrokorana sy helatra ary rahona matevina teo amin'ny tendrombohitra, ary nisy feon'anjomara mafy indrindra, dia toran-kovitra ny olona rehetra izay teo an-toby. Ary ny tendrombohitra Sinay nivoa-tsetroka avokoa, […] ary nihorohoro mafy ny tendrombohitra Sinay rehetra. Ary rehefa notsofina ny anjomara ka nidradradradra, dia niteny Mosesy, ary Andriamanitra namaly feo azy. »[51]
Taty aoriana, Andriamanitra kosa niteny tamin'i Mosesy tao amin'ny tranolay fihaonana toy ny olona miresaka amin'ny sakaizany.[52] Nofohazin'ny feo ren'ny sofina nataon'Andriamanitra Samoela zaza tao anatin'ny alina. Teo am-piandohana dia nafangarony tamin'ny feon'i Elia tompony izany.[53]
In-telo farafahakeliny no nitenenan'Andriamanitra tamin'ny fomba ren'ny sofina nanditra ny fanompoana nataon'i Jesosy teto an-tany :
- Nandritra ny batisany : « Ary, injao ! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe : Ity no Zanako malalako Izay sitrako. »
- Tamin'ny niovany tarehy : « Ary nisy rahona niseho nanarona Azy; ary dia nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako, Izy no henoy. »
- Tany Jerosalema fotoana fohy nialoha ny fahafatesany : « Ray o !, mankalazà ny anaranao. Dia nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Efa nankalaza Azy aho, ary hankalaza azy indray. Ary ny vahoaka izay nitsangana teo ka nahare dia nanao hoe: Kotrokorana izany. Hoy ny sasany: Anjely no niteny taminy. Jesosy namaly ka nanao hoe: Tsy noho Izaho no nahatongavan'izany feo izany, fa noho ianareo. » [54]
Mitantara traikefa mitovy amin'izany Jaona apostoly tao amin'ny nosy Patmosy : « Nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon'ny trompetra, nanao hoe: Izay zavatra hitanao dia soraty eo amin'ny boky, ka ampitondray ho any amin'ny fiangonana fito, […] Ary ny feony toy ny firohondrohon'ny rano be. »[55]
Ho ahy manokana dia mbola tsy nahare an'Andriamanitra niteny tamiko mivantana aho, saingy matetika dia asaiko manangan-tanana ny mpihaino ahy raha efa niaina izany izy ireo. Ny mahagaga dia mahalana dia mahalana izany hoe tsy misy tanana mitsangana izany. Amin'ny ankapobeny dia dimy hatramin'ny folo isan-jato eo no efa niaina izany. Ny matetika indrindra dia nialoha na nanditra ny fiovam-pon'izy ireo, tahaka izay niseho tamin'i Saoly avy any Tarsosy.

Raha afaka miteny amintsika amin'ny feo ren'ny sofina Andriamanitra dia mazava ho azy fa tsy midika izany fa izay no fenitra. Matetika dia matetika dia mampiasa fomba hafa izy, araka izay asehon'ny Teniny amintsika.

---

[51] Eksodosy 19.16, 18-19
[52] Eksodosy 33.11
[53] Araka izay hita ao amin'ny 1 Samoela 3
[54] Jaona 12.28-30
[55] Apokalypsy 1.10-11, 15

### *Amin'ny fonenany ao anatintsika*

Sady sarotra no asa goavana ny faniriana hamakafaka izay miseho ao anatin'ny saintsika. Andeha hambarantsika tsotra fotsiny fa miara-miasa amin'ny fanahintsika ny Fanahin'Andriamanitra. Monina ao amin'ny fanahitsika ny Fanahiny.

« Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra. » « Ny ***Fanahy*** dia miara-milaza amin'ny ***fanahintsika*** fa zanak'Andriamanitra isika. »

« Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ***ao amintsika*** koa izy. »[56]

Raha ny mahazatra dia apetrak'Andriamanitra ao amin'ny fanahintsika ny fisainany. Manana ny sain'i Kristy ianareo hoy ny Soratra Masina.[57] Indraindray ilay teny heno dia efa ao ; mila mangina sy manala ny feo manelingelina fotsiny mba hamantarana azy. Indraindray kosa indray dia ambara amintsika amin'ny fomba mivantana izy. Fantantsika noho izany ny lalana tsara indrindra ; fantantsika fa mahalala isika, eny fa na dia tsy fantatsika mazava tsara aza ny fomba ahalalantsika azy. Raha mamaky andininy ao amin'ny Soratra masina isika ohatra ary ny Fanahy Masina mampihatra izany eo amin'ny fiainantsika. Mety mihaino olona miteny isika, na mihira, na miresaka, ary io faharesen-dahatra ao anaty io ihany no manaporofo ny fisian'ny fisainan'Andriamanitra mahakasika antsika amin'ny alalan'ireny. Mety hiseho amin'ny fotoana sy fisehoan-javatra rehetra izany : eny an-dalana, any am-piasana, any amin'ny trano fisakafoanana, amin'ny alalan'ny nofy, sns. Na dia mampiasa fomba hafa aza Andriamanitra hitenenana amintsika, io fijoroana vavolombelona na faharesen-dahatra anaty io no manaporofo ny fahamarinan'ilay loharano. Mifanaraka feno amin'ny Soratra Masina hatrany io loharano io, toy izany no ahafahantsika *mandeha amin'ny Fanahy sy mahalala an'Andriamanitra amin'ny lalantsika rehetra,* mandritra ny androm-piainantsika. [58]

Amin'ny fiafaran'ity fizarana ity dia ho hitantsika amin'ny antsipirihany ny fomba hahalalana ny fisainan'Andriamanitra rehefa mikatsaka izany ho amin'ny tanjona mazava isika.

### *Amin'ny alalan'ny teniny voarakitra an-tsoratra dia ny Baiboly*

« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra. »[59]

« Ireo ohabolana ireo dia mampahalala fahendrena sy fananarana ary hahafantarana ny tenin'ny fahalalana; hahazoana fananarana mampahahendry. » [60]

Raha mamaky ny Baibolintsika am-pinoana isika fa ***Tenin'Andriamanitra ho antsika ankehitriny izy***, dia ho voky tsara isika ary hahita vahaolana hatrany na dia mbola tsy mipetraka aza ny fanontaniantsika.

Misy Baiboly sasany mandoko menamena ireo teny izay nambaran'i Jesosy. Nividy iray tamin'izy ireny aho mba hifantoka misimisy amin'ireo teny miloko mena, mba hisaintsaina azy ireny ka tsy novakiako aloha ireo andininy sasany tao amin'ny Filazantsara. Voasoratra tokoa mantsy fa « Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa; dia amin'izao andro farany izao kosa no

[56] Romana 8.14, 8.16, Jaona 17.21
[57] 1 Korintiana 2.16
[58] Ohabolana 3.6
[59] 2 Timoty 3.16-17
[60] Ohabolana 1.2-3

nampitenenany tamintsika ny Zanany. »[61] Ny fandinihana ny fisainan'i Kristy dia hahatonga antsika ho vonton'ny fampianarany, hifehy ireo foto-dalana sy soa toavina. Ny zavatra andrasan'Andriamanitra amintsika tsy fankatoavana an-jambany fa kosa faharesen-dahatry ny fo.
Raha miteny manokana amintsika amin'ny alalan'ny Fanahiny sy ny Teniny voasoratra Izy amin'ny fihaonantsika Aminy manokana dia mampiasa fomba hafa ihany koa Izy amin'ny fisehoan-javatra hafa.

### *Amin'ny alalan'ireo efa azy*

« Fa jiro ny didy […] Ary làlan'aina ny anatra famaizana »[62]
Mahalala olona maro aho izay mitalaho mafy amin'Andriamanitra mba hiteny aminy, saingy rehefa miteny amin'izy ireo amin'ny alalan'ny zanany Andriamanitra dia zary toa tsy misy lanjany eo imason'izy ireo izany. Tsy miezaka mamantatra na inona na inona izy ary manohy mitalaho hatrany. Ny Tenin'Andriamanitra anefa dia manao antso amintsika manao hoe : « Raha maso avokoa ny tena rehetra, aiza ary izay fandrenesana? Raha fandrenesana avokoa, aiza ary izay fanimboloana? »[63] Na dia tempolin'ny Fanahy Masina aza ny mpino dia mila manaiky ny fifamenoana sy ny fifandanjana izay entin'Andriamanitra eo aminy amin'ny alalan'ny rahalahy sy anabavy ao amin'i Kristy.

### *Amin'ny alalan'ireo asa fanompoana mijoro sy ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy*

« Fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana. »[64] Andriamanitra nanome ny Fiangonana mpitandrina, mpampianatra, mpaminany, evanjelista ary apostoly mba hampiorenana azy. Ny tenim-pahendrena sy ny tenim-pahalalana, toy ny faminaniana sy ny fanomezam-pahasoavana hafa dia afaka mampita ny fisainan'Andriamanitra ho an'ny olona manokana na ho an'ny vondrona. Tamin'ny andro pantekoty dia naheno ireo kristiana voalohany niteny ny amin'ny zava-mahagaga ataon'Andriamanitra tamin'ny tenin-dreniny, teny izay tsy hain'ireto mpianatra ireto akory ireo olona marobe avy amin'ny tanana maro.[65]

### *Amin'ny alalan'ny anjely*

« Ary nisy anjelin'ny Tompo nilaza tamin'i Filipo ka nanao hoe: Mitsangàna, ka mandehana mianatsimo ho any amin'ny làlana midina avy any Jerosalema mankany Gaza ... »[66] Niankina tamin'io toromarika io ny fiovam-pon'ity lehilahy iray nanao dia lavitr'ezaka nahatratra 4 000 Km mba hiankohoka amin'Andriamanitra tany Jerosalema !
Andininy 47 no hitako ao amin'ny Soratra Masina izay ahitana anjely maromaro miteny amin'ny olona. Ny fifampiresahana nataon'izy ireo dia tena nisy ary tena mitombina. Niteny amin'ny anaran'ny Tompo hatrany ireo mpitondra hafatra ireo fa tsy niteny tamin'ny tenany manokana. Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia miteny amin'ity fomba ity amin'ny olona maro Andriamanitra : tamin'i Josefa, Zakaria, ireo mpiandry ondry, tamin'i Maria, Jesosy, Maria Magdalena, Maria renin'i Jakoba, ny mpianatra, tamin'i Filipo, Kornelio, Paoly ary Jaona.

---

[61] Hebreo 1.1-2a
[62] Ohabolana 6.23
[63] 1 Korintiana 12.17
[64] 1 Korintiana 14.3
[65] Araka ny Asan'ny apostoly 2.1-11
[66] Asan'ny apostoly 8.26

### *Tamin'ny fahitana*

« Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, ary ny zatovonareo ***hahita fahitana***, ary ny lahi-antitrareo hanonofy »[67]
Tamin'ny alalan'ity fomba ity no nidiran'ireo Fiangonana vao nateraka tamin'ny fitoriana ny Filazantsara ny firenena rehetra tamin'ny fomba tena hita maso. Araka izay efa nambara tetsy aloha dia tamin'ny alalan'ity fomba ity no nanomanan'Andriamanitra an'i Ananiasy mba hitarika an'i Saoly ho amin'ny fiovam-po. Taorian'izay ity farany kosa indray dia nampaherezina tamin'ny alalan'ny fahitana tamin'ireo dia misionera nataony.

### *Amin'ny alalan'ny nofy*

« Kanefa misy fanao iray itenenan'Andriamanitra, eny, fanao roa aza, nefa tsy tandreman'ny olona izany, dia ny nofy sy ny tsindrimandry amin'ny alina, raha sondrian-tory ny olona ka renoka eo am-pandriana, dia manokatra ny sofin'ny olona Izy ka manisy tombo-kase ny fananarany azy, mba hampiala ny olona amin'ny fanaony, sy hampifady azy ny fireharehana. »[68]
Josefa ilay ray nanangana an'i Jesosy dia nandray toromarika efatra miankina aman'aina tamin'ny alalan'ity fomba ity : ny hampakarany an'i Maria, ny handosirany ho any Egypta, ny hiverenany tany amin'ny tanin'Israely ary ny hanorenany fonenana any Nazareta !

### *Amin'ny alalan'ny fahefana mijoro*

« Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefana lehibe. »[69]

Na ireo ray aman-drenintsika, na ny mpampianatra, na ny mpitondra, na ny mpanazatra ara-panatanjahantena, na ny mpandray vola any amin'ny toeram-pivarotana, ny tsirairay dia manana zo hajaintsika sy hankatoavintsika eo amin'ny sehatra misy azy. Raha asain'ny Polisy mijanona ianao satria nandeha mafy loatra ny fiara nentinao ary omeny sazy ianao dia tsy ilaina akory ny mangataka amin'ny Tompo raha tokony na tsy tokony handoa ny sazy ianao ; efa niteny taminao ny manam-pahefana.

### *Amin'ny alalan'ny fisehoan-javatra sy fomba maro samihafa.*

« Ary Izy no mandahatra ny andro sy ny fotoana » « Ny amin'izany famonjena izany dia notadiavin'ny mpaminany sy nokatsahiny fatratra, […] eny, nokatsahiny izay andro na izay toetry ny andro notondroin'ny Fanahin'i Kristy tao anatiny… » « Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao »[70]

Matetika dia matetika Andriamanitra dia manao zava-mahagaga eo amintsika amin'ny fanaovana izay hampahomby ny tetik'asantsika, amin'ny fanatsorana ireo dingana izay mitondra ho amin'ny lafinjavatra mampilamina sy tsy noeritreretina. Hitantsika amin'izany ny tanany mitsotra amin'ny maha Mpiandry ondry Azy. Rehefa miteny amintsika Izy ary mameno ny fontsika ny fiadanany, ireo fisehoan-javatra manaraka izany kosa dia marika fanampiny

---

[67] Asan'ny apostoly 2.17
[68] Joba 33.14-18 Ireo nofy izay ahitana hafatra avy amin'Andriamanitra dia manamarika kokoa amin'ny ankapobeny sady mazava noho ireo nofy noho ny haben'ny fisasarana, araka izay hita ao amin'ny Mpitoriteny 5.2-3
[69] Romana 13.1
[70] Daniela 2.21, 1 Petera 1.10-11, Ohabolana 3.6

maneho amintsika fa mizotra amin'ny lalana tsara isika. Toy izany koa ny fanohanan'Andriamanitra amin'ny lafiny ara-bola ho fanaporofoany izay lalana tiany hizorantsika.
Ireo fisehoan-javatra izay azo heverina ho ratsy ihany koa dia azontsika raisina ho toy ny fiarovana antsika tsy ho lavo. « Anarina amin'ny fanaintainana eo am-pandriany koa izy sy amin'ny fikotrankotran'ny taolany lalandava »[71]
Mazava ho azy fa rehefa niteny mazava tamintsika Andriamanitra nefa misy fisehoan-javatra toa manakana antsika eny am-pandehana dia mila mijoro sy miroso am-paharetana isika amin'izay fotoana izay. Zava-doza ny fanekena hotarihin'ny devoly amin'ny alalan'ny fandrika ataony, toy izay iainan'ny olona maro.

Mbola miteny amin'ny alalan'ny voaariny, ny fitsarany ary ny asany Andriamanitra. Efa niteny tamin'ny mpaminaniny mafy loha tamin'ny alalan'ny apondra aza Izy ary Jesosy dia niteny fa raha ilaina dia hain'Andriamanitra ny hahatonga ny vato handratra ny feony !

### *Inona no azo ambara ny amin'ny « famantarana » ?*

Nisy olona niteny hoe : « Ny tena kristiana tsy manenjika famantaraka, fa ny famantarana no manaraka azy. » Misy matetika manaraka ny ohatra nasehon'i Gideona izay nametraka volon'ondry teo anatrehan'Andriamanitra hakana fanahy Azy amin'ny fitondrana « volon'ondry » matetika sy tsy misy antony mazava. Hadinon'ireny olona ireny fa ***efa nandray*** ny Tenin'Andriamanitra Gideona fa nitady fanaporofoana izy nanoloana ny fisehoan-javatra sarotra niainany. Ny fikatsahana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny « fangatahana famantarana » dia tena fomba fanao mitera-doza izay mitarika haingana dia haingana mankany amin'ny finoanoam-poana. Andriamanitra akory tsy mpizara vatomamy na sampy natao hatonina amin'ny alalan'ny ody, na dia sarontsaromana amin'ny hoe « evanjelika » aza izany. Raintsika Izy. Ny famantarana amin'ny ankapobeny dia sofin'ny olona kamo, dia ireo izay tsy te-hikatsaka amim-pahamatorana ny fisainan'Andriamanitra.

### *Azo atao ve ny manokatra ny Baiboly sy manondro izay tandrify ny ratsan-tanana ?*

Afaka ny samy hijoro vavolombelona ny tsirairay ny amin'ny fotoana izay nanehoan'Andriamanitra ny hatsaram-panahiny ka nitenenany tamin'izany fomba izany. Misy fisehoan-javatra manokana izay mitaky valinteny manokana. Saingy noho ny hakamoana sy ny finoanoam-poana dia mora lavo ao anatin'izany fahazaran-dratsy izany ny olombelona, noho izany dia miangavy anao mafy aho ny hanalaviranao ity fomba fanao ity izay mitondra ho amin'ny zava-poana, tsy misy dikany ary indraindray misy endrika mazia. Mba tsy hahalava ny resaka momba ity fomba manjavozavo ity dia andeha hohenointsika tantara mahatsikaiky sy noforonina mahakasika vehivavy kristiana tsara fanahy izay nitady ny sitrapon'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanjaitra « masina ». In-dray maraina, rehefa nanokatra ny Baiboliny tamin'ny fomba kisendrasendra izy dia natsatony tamin'ny andininy iray ny fanjaitrany ary izao no nifanandrify tamin'ilay fanjaitra : « Dia lasa nanato-tena Jodasy » Tsy nahateny izy ary tsy nisy azony izay tian'ilay teny hahatongavana, nanapakevitra ny hanindrona andiny fanindroany izy ka izao no hitany : « Ary ianao mandehana ka manaova toy izany koa ! » Noho ny finoanoam-poana sy noho ny fankatoavana an-jambany dia nanatona ny tenany teo amin'ny ratsan'ny hazo iray teo amin'ny sahany izy. Tsy nahazaka azy anefa ilay ratsan-kazo ka dia very hevitra ilay maherifontsika. Tamin'ity in-dray maka ity dia naka ny fanjaitrany izy ary nanindrona andininy fahatelo : « Mibebaha ianao ! » Indrisy fa noho

[71] Joba 33.19

ny hadalany dia tsy azony tsara izay tiana hambara, hany ka niverin-dalana izy nanatona ny tenany indray mandeha, nahazaka azy tsara ilay ratsan-kazo noho ny farany !
Raha sokafanao an-tsapaka ny baibolinao dia ny kisendrasendra no hitarika anao noho ny farany.

### *Mampivelatra ny fahaiza-manavaka amin'ny ara-panahy*

Tamin'ireo rehetra nambarantsika, ny fanaporofoan'ny Fanahy ao amin'ny fanahintsika ary fifandraisan'izany amin'ny fisainan'ny Baiboly dia zava-dehibe indrindra. Tokony ***handositra ny vahiny*** ny ondry. Efa notsindrian'i Paoly apostoly – ary nohitrikitrihany fatratra – araka ny ambarany manao hoe : « ***Fa na izahay***, na ***anjely avy any an-danitra aza***, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, ***aoka ho voaozona izy***. »[72]
Fantaro ny zavatra rehetra ary aza sokajiana ho teny avy amin'Andriamanitra na inona na inona ny fomba nampitana azy raha tsy miorina amin'io fototra io. Maro ny teny mety handalo ao an-dohanao ao, iza avy izy ireny ?
- Ny feontsika manokana (zavatra ara-dalana sy ara-drariny izany, nefa tsy natao hifangaro na hifaninana amin'ny Tenin'Andriamanitra)
- Ny feon'ny fahavalo, toy ny feo manakorontana ny fifandraisana an-telefaonina na mpaka tahaka mikatsaka ny hanodina ny fifandraisana ho tombontsoan'ny tenany.
- Ny feon'Andriamanitra.

Fanamby goavana ny fahafahana mamantatra amin'ny fomba marina. Soa ihany fa samy manana ny toetra mampiavaka azy ireo feo famihafa ireo. Tena zava-dehibe loatra ny fahalalana azy ireo.

### *Ireo toetra mampiavaka ny feontsika manokana*

Tsy mahita afa-tsy ny tenany izy, manome lanja ny fisehoan-javatra, mety ho diso. Tery ny fomba fijeriny, mivilana ; tsy misy zava-baovao ao aminy. Maneho ny haavon'ny fahamatorantsika ny fisainantsika, miaraka amin'ny tsy fahatanterahany, ny fanamelohan-tenany, ireo fironany ho amin'ny fankatoavan-dalana diso tafahoatra. Raha fintinina dia mitovy tsy misy valaka amintsika ny feontsika… Toy ireny olona manala ny taratasy rehetra ao anaty boaty fametrahana taratasy ireny isika, amin'ny fanantenana fa tonga ilay taratasy nandrasana, saingy indrisy. Toy ireny olona miantso an-telefonina ny namany mba hanasa azy ho avy ny faran'ny herin'andro ireny isika, saingy indrisy fa lasa nanao vakansy izy… Ny traikefa toy izany izay heverintsika fa hahafana mamantatra ny fisainan'Andriamanitra dia tokony hanampy antsika hampivelatra ny fahafahantsika mamantatra.

### *Ny toetra mampiavaka ny feon'ny fahavalo*

Tena mitombina ny fahafahany maka tahaka, saingy feno fahalovana ny vokatra entiny : fahasorenana, fahorian-tsaina, fangidiana, harerahana, fahakiviana no entin'ny fihainoana azy (miseho ihany koa izany rehefa mahita olona azo ampiasaina izy, olona izay toa manana finiavana tsara mba hiteny toy izay nataon'i Petera, izay nikasa ny hamily an'i Jesosy hiala amin'ny iraka nomena Azy). Mavesatra hatrany ny feon'ny fahavalo sady tsy manome fiadanana, tsy mahay afa-tsy manome enta-mavesatra sarotra entina izy. Manakorontana ny androntsika sy ny fiainantsika izy.
Tsy manaja ny fahafahantsika misafidy izy. Idirany an-kerisetra ny fahafahantsika. Matetika manery antsika hanao zavatra eo noho eo ny feony, zavatra tsy voasaina. Fantany fa tsy misy

[72] Araka ny Jaona 10.5, Galatiana 1.8

fiafarana ny faneriterena ataony. Ny tiany dia isika manao hetsika ankamehana satria raha maka fotoana handinihana isika dia mety hahalala ny fandrika velariny.
Ny saina sasantsasany izay voabaikon'ny fombafombam-pivavahana dia miteny tsy ankijanona. Miova lasa mpanao didy jadona izy ireny. Eo am-boalohany, ny mpino tsy miorina tsara dia mety hino fa ilay feo toa midikiditra amin'ny zavatra rehetra dia avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra ary izany no hitarika azy amin'ny fiamboniana ara-panahy. Ny tena marina dia manavesatra sy mamatotra azy izy. Tsy madio ny feo miteniteny foana sy miteny tsy ankijanona. Rehefa tsy vitan'ny fahavalo ny mihazona antsika dia mitady ny fomba rehetra izy ny hanosehana antsika hanao hetsika diso tafahoatra, ho amin'ny fankatoavan-dalana diso tafahoatra , na ho amin'ny hafanam-po diso toerana.
Zavatra roa loha no tsy mba ataon'ny fahavalo : mitia sy manetry tena. Miorina eo ambony lainga, fankahalana ary avonavona ny fisainany.

### *Toetra mampiavaka ny feon'Andriamanitra*

Misy firindrana tanteraka ao amin'ny feony, ny toetrany, ny fahalehibiazany ary ny fijeriny. Matetika dia matetika izay ambaran'Andriamanitra amintsika dia lehibe lavitra, tsara lavitra noho izay eritretintsika sy saintsainintsika ao an-dohantsika ao. Tsy misy fifanoherana velively ny fisainany sy ny Teniny voarakitra an-tsoratra.
Andriamanitra dia mazava ; izay ambarany dia mazava sy mivantana. Manampy antsika handrindra sy hanorina ny fiainantsika Izy.
Andriamanitra dia fitiavana : rehefa miteny Izy dia tsapantsika avy hatrany fa mahalala antsika Izy, ary tsapantsika fa tiany isika.
Andriamanitra dia masina ; madio hatrany ny votoatin'ny teniny. Mirakitra ny fahamatorana feno fahatokian'Ilay Ray hentitra sy tia ny teniny. Hajain'ny Fanahy Masina ny fahafahantsika sy ny maha-izy antsika. Tiany hanaraka an-tsitrapo ny planiny isika.

Tsara ny manamarika fa raha ny fomba fanaony, rehefa miteny Andriamanitra tsy mba atambolimbolen'ny fihetseham-po, tsy mba migogogogo mitomany, tsy mikikika, tsy mangovitra ary tsy manao feo teatraly. Koa nahoana no marobe ireo kristiana toa mihevi-tena ho voatery manao toy izany rehefa miteny amin'ny anaran'Andriamanitra.

### *Fihetsika mety mba hahafahana mandre ny feon'Andriamanitra*

Nanomboka tamin'ny fotoana nampianarana ahy ny fomba fihainoana ny feon'Andriamanitra dia tena nanampy ahy matetika dia matetika ny fahatakarana ny fihetsika andrasan'Andriamanitra amiko. Mbola tsy nisy herin'andro tsy niarahanay mivady nikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra manoloana fanapahan-kevitra mila raisina. Ny zavatra tsapako dia izao : ny fahavononan'ny fo no mitondra fahasamihafana manoloana ny fahanginana tanteraka (na fisafotofotoana) sy ny faharesen-dahatra feno fitsaharana entin'ny faharesen-dahatra fa niteny Andriamanitra.
« Aoka isika hanatona an'Andriamanitra […] manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy. »[73] Zaraiko aminao etona ireo lafin-javatra mitondra fahasamihafana tanteraka.

### *Ny finoana*

Inona ilay finoana tiana hambara ? Raha manatona ny rainy ny zanaka lahy hametraka fanontaniana aminy dia mandeha ho azy ao anatiny ny finoana fa hahazo valinteny izy. Toy izany koa amin'Andriamanitra. Ho fefika izay manatona Azy amim-pisalasalana hoe hamaly ve Izy, na izay manatona Azy amin'ny fiheverana fa tsy hahazo valiny mihitsy. Andriamanitra

[73] Hebreo 10.22

nisafidy ny finoana hiantoka ny fisian'ny fifandraisana ; fa nahoana ary ? Satria ny finoana fa mamaly fitia izay mitady Andriamanitra dia fanomezam-boninahitra Azy. Ny fisalasalana ny fahavononany hamaly dia midika ho fisalasalana ny aminy sy ny fahalemem-panahiny ary dia fanaovana tsinontsinona Azy. Andriamanitra tsy mba tia sehoseho nefa koa tsy diso be fitiavana loatra ka hanome voninahitra izay manao tsinontsinona Azy.[74]
Mitaky ezaka manokana sy safidy tsy miovaova ny fanatonana Azy mba hihaino ny tolo-tsaina homeny. Tsy inona izany fa ny finoana fa hiteny amintsika Izy. Im-betsaka aho no nitady ny tavany tamin'ny fiheverana fa tsy hahazo valiny avy Aminy akory aho… Izany no antony voalohany indrindra sy mateti-piseho indrindra izay mahatonga an'Andriamanitra hangina. Soa ihany fa afaka mibebaka ny amin'izany isika !
Mino ve isika fa manan-danja lavira noho ny voninkazo eny an-tsaha izay ampitafiany na ny vorona fahanany isika ? Mino ve isika fa Ilay mahay manisa ny volon-dohantsika dia te hameno antsika ny fisainany ? Andeha hanatona Azy amin'ny finoana tsotra toy ny an'ny zaza mahatsapa sy resy lahatry ny fitiavan'ny rainy isika.

### *Ny fanetren-tena*

« Mitarika ny mpandefitra amin'ny marina Izy, ary mampianatra ny mpandefitra ny lalany. »[75]
Ny fanetren-tena manoloana an'Andriamanitra ve midika ho malok'endrika, mitanondrika, na miondrika ? Tsia mazava ho azy. Fantatrao ve fa afaka ny ho faly ianao sady manetry tena ? Ny manakana an'Andriamanitra tsy hiteny amintsika dia ny fihetsika maneho faneriterena izay mitaky sy manery, miantso Azy hoe Tompo sady miresaka Aminy, toy ny miresaka amin'ny mpanompo.
Raha misy mitady ny tolo-tsainy amin'ny fikatsahana izay hampitombina fotsiny ny heviny manokana dia mangina Andriamanitra.
Nahalala misionera vavy iray tena nanana toetra tsara nampiavaka azy aho, saingy ny fahitako azy dia toa tsy mamela an'Andriamanitra hiteny aminy mihitsy izy afa-tsy amin'ny alalan'ny andininy avy ao amin'ny Baiboly. Na dia mety hanafintohina aza dia mila ambarako fa tsy azontsika atao ny manery Azy hanao izany. Amin'ny sehatra maro samihafa, sehatra tsy azo tsinontsiniavina dia nanangona andiny marobe ao amin'ny Baiboly izy izay heveriny ho manaporofo ny planin'Andriamanitra. Indrisy fa matetika dia voafitak'izy ireny izy, vokany dia voatery nilanja vesatra goavana sy tsy nilaina akory.
Ny fanetren-tena dia mitaky fihetsika manaiky hilefitra, fahavononana mialoha manoloana izay mety ho sitrapon'Andriamanitra. Tsy afaka ny hanery Azy mahakasika ny hevitro na ny fomba hitenenany amiko aho. « Raha hendry ianao, dia hendry ho an'ny tenanao ihany; fa raha maniratsira kosa ianao, dia ianao ihany no hiharan'izany. »[76]

### *Miandry am-pahanginana*

Ny fametrahana fanontaniana dia fanomezana zo izay miresaka amitsika ny hamaly. Hoy Davida : « Fa nampionona sy nampangina ny fanahiko aho » Isaia kosa naminany nanao hoe : « Mangina hihaino ahy ianareo, ry nosy »[77] Mahagaga ny mahita fa vitsy dia vitsy ny mpianatra, ny loholona, ireo komity samihafa ary vondrom-bavaka no nianatra nangina, na dia roa minitra fotsiny ihany aza, mba hihainoana ny tolotsain'Andriamanitra. Be fanontaniana loatra isika, miteny foana isika, mivavaka ho an'ny hafa isika, misento isika, mitaraina isika avy eo misaraka fa tsy mba nanokana fotoana fohy hiainoana ! Fa nahoana ary ? Satria tsy mba

[74] 1 Samoela 3.20
[75] Salamo 25.9
[76] Ohabolana 9.12
[77] Araka ny Salamo 131.2, Isaia 41.1a

nianatra nihaino an'Andriamanitra tam-pahanginana isika, tsy nianatra ny hiandry eo amin'ny fanatrehany, na koa mety heverintsika fa tsy ilaina tsotra izao fotsiny izany… Ny mpitarika ny fihaonana izay natao hikatsahana ny tolotsaina avy amin'Andriamanitra dia mila manana fahasahiana hitarika ny mpandray anjara ho amin'ny fotoana hihainoana amin'ny fomba mazava. Rehefa tapitra ny adihevitra, vita ny vavaka dia mihaino am-pahanginana ny tsirairay. ***Ny fifampizarana manaraka dia tsy tokony ho lasa fifampiresahana indray raha tsy efa nandray fitenenana ireo rehetra izay nandray ny fitarihan'ny Fanahy.*** Manolotra famintinana ireo fisainana rehetra ilay mpitarika, ary raha heverin'ny mpandray anjara rehetra fa avy amin'Andriamanitra ireo fisainana ireo dia ahitsy hifanaraka amin'ireo ny fanapahankevitra ho raisina.

Efa nahita mpibaiko alika izay manazatra ny alikany hipetraka ve ianao mba hahazoan'ity farany ilay hanina kely atolony ? Maro no mihevitra fa toy izany koa no ataon'Andriamanitra rehefa manome ny tolotsainy, miandry antsika hamerimberina ilay fihetsika tokony hatao Izy alohan'ny hitenenana amintsika. Tsy mitombina izany fomba fijery izany na dia misy foto-pampianarana toa manamarina azy aza. Tsy misy ray « mitsapa » ny zanany isaky ny miresaka amin'izy ireo ; Andriamanitra ihany koa tsy manao izany ! Na izany aza indraindray dia toa misy valiny azo ; inona no mety ho antony ?
Mety tian'Andriamanitra ho azontsika fa mba hanatrarana ny tanjona dia tsy eo ny iray na maromaro amin'ny olona tokony ho tonga. Rehefa nangataka Ilay rano velona tamin'i Jesosy ilay vehivavy Samaritana dia hoy Izy : « Mandehana antsoy ny vadinao dia miverena eto. »[78]
Ny zavatra mety hiseho ihany koa dia mety mahakasika fiainana manokana ny valinteny, izany hoe tsy misy idirantsika na koa samy ratsy avokoa ireo safidy mampisalasala antsika.
Misy lafin-javatra izay mampihantona na mampisafotofoto ny fifandraisana ihany koa dia mety ho zava-misy na fisehoan-javatra ho avy izay netintsika am-bavaka mafy nefa tsy tanteraka. Fantatr'Andriamanitra izany, nefa isika tsy afaka manatanteraka azy raha tsy efa ananatsika ny angom-baovao mahakasika azy. Tsy hamolavola plinina miaraka amintsika tsy amin'antony Izy.
Mety hitarika ho amin'ny fiandrasana sarotra sy tsy takatry ny saina izany rehetra izany saingy atrehana am-pahatokiana fa tena faniriany ny hanazava ny saintsika.

***Maniry fatratra ny hankato***

Apetrak'Andriamanitra ao am-pontsika ilay diamondra sarobidin'ny fisainany rehefa vonona ilay boaty fitehirizana vatosoan'ny fontsika. ***Tsy hampahafantatra velively ny sitrapony amin'ireo izay maniry hahalala fotsiny izany Izy fa amin'ireo izay vonona hankato kosa.***

Ny fahafoizan'ny fotoana sisa ananantsika mialoha ny hanaovana zavatra iray dia manampy antsika hanana fifatorana miha-lalim-paka hatrany. Tena sitrak'Andriamanitra ny niteny tamintsika mialoha kokoa, saingy noho isika tsy taitra dia zary toa tsy misy lanjany amintsika ny tolo-tsainy. Miandry Izy mandra-pahatonga ny sitrapontsika ho vonona kokoa hanatanteraka ny sitrapony.[79] Davida ihany koa toa niaina zavatra toy izany raha miteny izy manao hoe : « Ianao no antsoiko, Jehovah ô, ry Vatolampiko ô, aza manentsin-tadiny amiko; fandrao, raha mangina amiko Ianao, dia ho tahaka izay midina any an-davaka aho. »[80]

[78] Jaona 4.16
[79] Ao amin'ny boky voalohany nosoratako, mitondra ny lohanteny hoe *Une vie en couleur* dia mijoro vavolombelona mahakasika fanapahankevitra roa aho izay mety hanazava kokoa izay resahina eto (pejy 26 – 29)
[80] Salamo 28.1

Raha tiantsika ny hitombo amin’ny fihainoana ny feon’Andriamanitra dia mila mankato Azy isika rehefa miteny amintsika Izy, na ho antsika manokana izany na ho an’ny vondrona misy antsika. Raha ao amin’ny vondrona mivavaka ho an’ny hafa no andraisantsika tonom-bavaka dia teneno mafy izany ; raha mandray teny mampahery isika dia ataovy izay hampitana izany. Raha tsapantsika fa tokony hamaky andiny iray isika dia ataovy izany. Andriamanitra ***manome*** masomboly ho an’ny ***mpamafy***, fa tsy ho an’izay hampirina azy. Izay tsy sahy manao hetsika tsy hitombo na oviana na oviana.
Manomeza dia homena ianareo, raha tsy izany dia mety ho faty ny afo. Raha mahakasika anao izany dia ekeo ny fahadisoanao ary avaozy ny fanoloran-tenanao hizotra ho amin’ny lalana vaovaon’ny fankatoavana. Ho hitanao fa hanarina anao Andriamanitra.

***Miroso ho amin’ny fampiharana***

« ***Aza manao anao ho hendry; matahora an'i Jehovah, ka mifadia ny ratsy***. »[81] Mazava dia mazava ny fanambaran’ity andininy ity ; mamintina izay nambarantsika teo aloha izy. Manasa anao aho hisaintsaina azy.

Rehefa mitady ny fisainan’Andriamanitra ianao :
1. Ambarao aminy ny fankatoavanao amin’ny fametrahana ho eo ambany fahefany ny fisainanao (aza manao anao ho hendry, ampangino ilay fisaintsainana ao an-dohanao).
2. Tohero ny fahavalo. « Maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. » « Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. »[82] (Foano ireo fitaoman-dratsy rehetra)
3. Ataovy mazava tsara ny fanontanianao dia atongilano ny sofinao hihaino.
Ataovy izay hanana toe-po feno fanandratana hatrany. Tsy fiezahana *manafoana ny ao anaty* no tiana hambara. Any amin’ireo fomba fanompoan-tsampy maro dia amporisihina hanafoana izay ao anatiny ny olona mba hahafahana mandresy lahatra azy hanao izay tiana hataony. Rehefa feno ny Tompo ny fisainantsika ary rehefa mifantoka aminy ny masom-panahintsika dia sady tena afaka hanao hetsika isika nefa koa tena feno fifantohana ; amin’izay fotoana izay no miteny amintsika ny Tompo.

***Tian’Andriamanitra ny mampianatra antsika ny fisainany***

Tsy tiany hataontsika anjorom-bala izay rehetra nampianariny antsika hatramin’ny fotoana nahalalantsika Azy, ny mifanohitra amin’izany, tiany hotsarovantsika ireny. Tian’Andriamanitra rehefa mitady ny tavany isika, tiany rehefa manontany ny heviny isika. Matetika dia tsy mamaly amin’ny alalan’ny *eny* na *tsia* Izy, fa kosa mampianatra antsika Izy, ataony izay hahatakarantsika ny fisainany. Tsy vokatry ny famoronan’ny saintsika velively izany fahendrena izany.

Mifono fahamarinana sarobidy maro be mahakasika ny zavatra resahantsika eto ary feno fampanantenana maro avy amin’Andriamanitra ny toko faha valo amin’ny Ohabolana. « Tiako izay tia ahy; ary izay fatra-pitady ahy dia hahita ahy. »[83]

**Azonao soratana amin’ny kahie mirakitra ny fihaonanao manokana amin’Andriamanitra ireto :**
- Ireo teboka mahakasika ny zavatra noresahina izay tena tianao hampiharina.
- Ireo fanontaniana madinika sy lehibe apetrakao amin’Andriamanitra.
- Ireo valinteny voarainao.
- Ireo fijoroana vavolombelon’ny fomba nitenenany taminao.

---

[81] Ohabolana 3.7
[82] Jakoba 4.7, Efesiana 6.11
[83] Ohabolana 8.17

# Fizarana faha efatra

# Kolokoloina amin'ny alalan'ny fihanonana manokana Aminy ny fisakaizana amin'Andriamanitra

Nahita renirano mamirapiratra toy ny vato kristaly nivoaka avy eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra ny apostoly Jaona. Manamorona ilay renirano ahitana ny hazon'aina izay mamoa in-droa ambiny folo isan-taona. Ny raviny kosa natao hanasitranana firenena maro. Misy fitoviana amin'ity hazo ity ny olona izay mampihatra ny Tenin'Andriamanitra. Toy izao no ilazan'i Davida azy : « Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa. » Ambaran'i Jeremia ihany koa fa ny olona toy izany dia « …tsy hitsahatra ny famoany »[84]

Hatreto dia ny fiderana sy ny fiankohofana, ny fandresena ny fahotana sy ny fanamelohan-tena, ary ny fihainoana ny feon'Andriamanitra no nambarantsika. Tonga izao ny fotoana izay handaminana, araka ny tolo-tsaina omeny, ny fianam-bavatsika sy ny fianarantsika ny Baiboly. Ireo lafin-javatra ireo no faka mitsarapaka any amin'ny loharanon'aina. Tsy tanjona natao hokendrena manokana anefa izy ireo, fa izy kosa no mahatonga ny vatan-kazo ho mafy, mahatonga ny rantsana ho salama, mahatonga ny ravina hitondra fanasitranana ary hahatonga ny voankazo ho matsiro. Ao amin'ity fiarahana manokana amin'Andriamanitra ity no manomboka sy mivelatra ny zavatra rehetra. ***Raha ampilomanosintsika ao amin'ny reniranon'Andriamanitra ny fiainantsika dia haharitra sy ho maro ny voa entiny.***

Raha misy ny fombafomba izay manepotra ny fiainam-panahy, dia misy ihany koa ireo izay manompo azy. Raha tiantsika ny hiaina ilay fihaonana manokana amin'Andriamanitra amin'ny fomba lalina sy misy dikany dia mila mitady tetikady hahatonga ny fakany hipaka any Aminy isika. Izay no tanjon'ity fizarana ity.[85] Miankina amin'izany ny hatsaran'ny herinandrontsika, ny vanim-potoanantsika ary ny taonantsika.

### *Rehefa mamaritra fotoana hihaonana amintsika Andriamanitra*

« Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao. »[86]
Andeha hofakafakaintsika ny votoatin'ity fihaonana manokana ity.
***Fahavononana hivavaka :*** safidy izany. Nisy mpitory Filazantsara fanta-daza niteny toy izao : « Raha isaky ny te-hivavaka ihany aho vao nivavaka dia mahalana dia mahalala aho no nivavaka. » Manindry izany ity mpitandrina iray : « Ny vavaka voalohany indrindra dia fifehezan-tena, manaraka izany dia tena fahafinaretana ny manao azy. »
***Midira ny efi-tranonao :*** toerana voatokana, mahazatra ary milamina izay manamora ny fiombonam-po lalina amin'ny alalan'ny vavaka.
***Akatony ny varavarana :*** vonoina avokoa ny ordinatera, ny telefona, ny fahitalavitra na radio, ny gazety sy ny boky apetraka amin'ny toerany. Ho an'ireo manodidina antsika kosa, na izy manaja io fihaonana manokana amin'Andriamanitra io, na tahaka izay nataon'i Jesosy,

[84] Araka ny Apokalypsy 22.1-2, Salamo 1.3, Jeremia 17.8
[85] Misy teboka vitsivitsy izay notsoahina avy amin'ny fizarana faha sivy mitondra ny lohateny hoe« Connaitre sa Bible »ao amin'ny boky nosoratako *Porteurs de Vie.*
[86] Matio 6.6

mihataka any amin'ny toerana miafina. Nisy lehilahy malaza iray nanambara fa ny azy tany anaty sambo ; tsy misy olona manelingelina azy eny ampovoan-drano. Ho ahy manokana, fony aho niandraikitra ny ivotoeran'ny Tanora Mpanefa Iraka tany Lausanne dia tany anaty ala aho no nahita filaminan-tsaina hiresaka amin'Andriamanitra noho ny fisian'ireo mpiara-miasa miisa valopolo, mpianatra marobe sy ekipa mpandeha manao iraka any amin'ny kaontinanta maro nanodidina ahy. Tsy midika ho fitsoahana akory fa tena zava-dehibe ny fanakatonana varavarana. Tsy misy afaka manome amin'ny fomba ara-dalana raha tsy efa nanovo aloha.

***Ary mivavaha :*** Maro no lany andro manonofinofy, matory, mamadibadika boky, mieritreritra, mimonomonona, mandinika, milalao ary ny fotoana ambiny sisa no atokany hivavahana. Ny tsy fahampian'ny fifehezan-tena, ary indrindra ny tsy fananana tanjona mazava no anton'izany. Ny vavaka atao amin'ny teny sady tsy mafy be no tsy mibitsibitsika dia hanamafy ny fifatohantsika.

***Ny Rainao izay ao amin'ny mangingina :*** Vaovao lehibe loatra izany hoe Andriamanitra ao anatin'ny efitranontsika ! Indraindray mety ho tsapantsika ny fanatrehana, indraindray kosa tsy tsapantsika. Tsy ny fahatsapan-tsika akory sanatria no porofon'ny fanatrehany, fa teny fampanantenany. Eo Izy, ao anatin'ny fahanginana : « Tsy mahita Anao aho, saingy fantatro fa eto Ianao satria izany no nambaranao. » Ny herin'ny fihaonantsika Aminy dia miorina amin'ny fahatokiantsika Azy fa tsy amin'ny fahatsapantsika.

***Mahita izay ataonao ao amin'ny mangingina Izy :*** Tsy nasaina ho amin'io fihaonana io na ny olombelona na ny devoly. Fotoana hifanatrehanao tava amin'Andriamanitra io fotoana io : Andriamanitra sy ianao. Nomena hisitrahantsika, izany hoe fiombonam-po madio indrindra sy lalina indrindra.

***Izy hamaly fitia anao :*** Ankasitrahany ny finoantsika, dia ilay fotoana atokantsika ; mihaino antsika Izy, manome aingam-panahy sy miteny amintsika Izy. Tena faly loatra ny fony ary mamaly fitia antsika Izy.

Matoa Jesosy afaka nanolotra toriteny izay nanamarika ny zanak'olombelona, matoa Izy afaka nandroaka devoly sy nampitony fahoriana maro dia noho ireo fihaonany manokana tamin'ny Rainy. « Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany. »[87] « Ary rehefa noravany ny vahoaka, dia niakatra tao an-tendrombohitra Izy mba hitokana hivavaka; ary nony hariva ny andro, dia nitoetra irery teo Izy. »[88]

Raha faniriantsika ny hiaina andro tsara kalitao toy izany dia mila fihaonana toy izany isika. Tsy nampiasa izany ho tombontsoany manokana Jesosy fa mba hidirana ao amin'ny fikasan'Andriamanitra ; nambarany fa izany no sakafony[89]. Misy kristiana mihevitra fa tsy mila fihaonana manokana amin'Andriamanitra izy ireo satria efa miaina ny fiombonana Aminy izy ireo mandritra ny andro. Nofinofy izany fisainana izany satria : « ny mpianatra tsy lehibe noho ny mpampianatra azy ». Raha Ilay Zanak'Andriamanitra aza nila nanokana fotoana hihaonana mivantana tamin'ny Rainy, koa nahoana isika no tsy tokony hanao izany raha tiantsika ho voamariky ny afo sy ny fanatrehan'Andriamanitra ny fiainantsika.

### *Vavaka ho an'ny hafa*

Na dia feno voaary mahafinaritra loatra aza ny lanitra, ny tombontsoa manokana ananantsika dia ny fahafahana miresaka mivantana amin'Ilay eo afovoany ; Ilay tsy mba nohariana, Ilay tsy manana fiandohana sy fiafarana.

---

[87] Marka 1.35, araka ny Isaia. 50.4-5.

[88] Matio 14.23

[89] Jaona 4.34

Alaivo sary an-tsaina hoe ny filoham-pirenenao no manome tolotra toy izao ho anao : « Raha toa ianao manomboka anio hihevitra ny tombontsoako, izaho kosa handray an-tanana manokana izay ho tombontsoanao. » Ny fahefana sy ny laharana misy azy dia ampy handresy lahatra anao fa ny fanekena kosa dia tombony ho anao. Na dia tsy tanteraka aza ilay ohatra noraisina dia azo heverina fa hanampy antsika hahalala fampanantenana mahagaga loatra ambaran'ny Soratra Masina : « Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany dia hanampiny ho anao ny zavatra rehetra. »[90] Nampianatra mahakasika izany Jesosy tamin'ny fomba mifangarika amin'ny an'ny jentilisa izay tsy mihevitra afa-tsy ny tenany manokana, izay tsy inona fa ny fisotroana, ny fihinanana, ny fitafiana ; izaho, izaho ary izaho hatrany. Ny fanjakana izay nidirantsika dia tsy miorina amin'ny fitiavan-tena, fa kosa amin'ny fanomezana sy amin'ny fitiavana. Mbola mitoetra ho zaza ara-panahy hatrany ny kristiana izay tsy mihevitra afa-tsy ny tenany manokana.

Ny vavaka ho an'ny hafa dia mamela an'Andriamanitra hizara amintsika ny fiheverany sy ny fiahiany, ny faniriany, ny sitrapony rehetra ; tena nanavao tanteraka ny fiainako izany.

Andeha haverintsika indray : ny sakaizan'Andriamanitra dia tsy olona nitsahatra tsy nieritreritra, tsy nisafidy ary tsy nanana fahatsapana intsony, fa kosa olona mianatra an-kalahana tanteraka ny ho tia izay tian'Andriamanitra, hisaina izay sainin'Andriamanitra ary handray ny fahatsapan'i Jesosy Kristy. ***Ny fivavahana ho an'ny hafa dia fikatsahana ny sitrapon'Andriamanitra mba hahafahana mivavaka ho amin'izany avy eo mba hahatanteraka azy.***

« Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy. »[91]

Moa ve tsy afaka manatanteraka ny sitrapony Andriamanitra raha tsy mivavaka ho amin'izany isika ? Afaka Izy saingy tsy tiany izany. Antsoiny ho toy ny zanaka lahy sy zanaka vavy mpandray anjara ho fanatanterahana ny fikasany isika. Amin'ny maha-mponina sy mpitantana ny planeta misy antsika, ny vavaka ataontsika dia antso, fanekena hanao ny sitrapon'Andriamanitra ety an-tany. Tiany ny manao hetsika miainga avy amin'ny fanasan'olombelona iray izay manana fo resy lahatra ny amin'ny sitrapony fa tsy toy ny mpanao didy jadona izay manery ny olona hanaraka ny fomba fijeriny.

Ao amin'ny boky voalohany mandrafitra ireo asa soratra iray tarika amin'ity mitondra ny lohanteny hoe *« Comment influencer toute l'humanité »* dia misy hevitra telo voaresaka. Natao hapetraka ho ivon'ity fihaonana manokana ity izy ireo. Ireto manaraka ireto izany :

***- vavaka ho an'ny hafa manova firenena,***

***- vavaka ho famonjena ny manodidina antsika,***

***- vavaka mandrakotra ny planeta*** (ahitana lohahevitra 12 ho amin'ny andro tsirairay ao anatin'ny taona)

Misy lafin-javatra roa lehibe ihany koa izay manampy azy :

***- vavaka ho an'ny marary,*** resahana manokana amin'ny boky faharoa,

***- vavaka ho an'ny tontolon'ny asa*** velabelarina ao amin'ny boky faha sivy mitondra ny lohateny hoe « *Ahoana no ivelarana ao amin'ny sehatry ny asa* »

Mamporisika anao manokana aho hamaky na hamerina hamaky azy ireny ; tsy ho famporisihana ny tenako manokana, fa noho ny filana. Hatrany am-piandohan'ity asa soratra ity dia fantatro fa tsy ho afaka hizara samirery ity lohahevitra manankarena loatra ny amin'ny resaka manerantany izay miforona eo amin'ny Mpahary sy ireo zanany ity boky iray ity. Ny

[90] Matio 6.33

[91] 1 Jaona 5.14-15

fivavahana ho an'ny hafa dia fifampizarana ilay hafanam-po mameno ny fanahin'Andriamanitra, fidirana ao amin'ny tontolo ara-tantara sy tontolo iraisam-pirenena, fandravana sy fananganana, fiarahana miasa amin'Andriamanitra sy amin'ny anarany. Mifandray mivantana amin'ity lohahevitra ity noho izany ireo teboka ireo.

Matetika dia matetika, saingy tsy voatery, dia atombontsika amin'ny angom-baovao voaraintsika ny vavaka ataontsika. Matetika dia amin'ny fomba tsy takatry ny saintsika no miditra an-tsehatra ary manohy ny asa ny aingam-panahy, nefa Andriamanitra kosa mahay ny fomba fanaovana azy : misy hevitra vaovao, lalina kokoa, lehibe kokoa, feno kokoa, manakaiky kokoa ny zava-misy sy ny eny an-kianja izay zary mivelatra ao amin'ny fanahintsika. Ilay filana maha-olona nivadika ho enta-mavesatra mameno ny fon'Andriamanitra ; miha matroka ilay soatoavina avy amin'olombelona, fa ilay soatovin'ny fanjakan'Andriamanitra kosa miha mamirapiratra. Ilay fitiavana voafetra avy amitsika (na ny tsy fananantsika fitiavana) dia soloin'Ilay « tian'Andriamanitra fatratra ». Mandray ny teny fampanantenany ny finoantsika. Manjary manana lanja izay tsy fantantsika hatrizay ireo teny, mandray fotokevitra fototra vaovao ny saintsika, mahatsiaro ho voakasika sy mandray anjara amin'ilay fampiorenana ara-panahy ny amintsika manontolo.
Fohy ny andro iainantsika, saingy Andriamanitra kosa afaka manome antsika vavaka tsy voafetran'ny halaviran-tany izay hitondra fiatraikany mamakivaky taonjato maro.
Inona no mety hiseho raha manomboka ny andro voalohany hatramin'ny andro faha telo amby roapolon'ny volana dia mivavaka isan'andro toy izany ho an'ny faritra iray ao aminy ny vahoaka Soisa ? Na ny vahoaka frantsay mivavaka ao anatin'ny telo volana ho an'ireo departemanta tsirairay mandrafitra azy ? Na ihany koa ny kristiana tsirairay eto amin'ity planeta ity hivavaka, mialoha ny zavatra rehetra, ho an'ny olombelona rehetra ? Afaka sy tokony ho lasa toerana fandefasana bala afomanga mitondra fitahiana hanatratra kaontinanta maro ny efitranonao !
Tsindriantsika manokana eto ny ivon'ny fihaonana manokana amin'Andriamanitra ; tonga mpandray anjara manana tombontsoa manokana ianao manoloana ny tantaran'ny zanak'olombelona, mpanangana ho amin'ny mandrakizay, mpiara-miasa amin'Andriamanitra ! Tsy misy zavatra mampisy hafanam-po mihoatra noho izany !

### *Omano ny fihaonanao Aminy*

Amin'ny fisaintsainana manoloana an'Andriamanitra mahakasika ny fihaonanao manokana Aminy no hahatonga azy ity hahatratra ny toerana sahaza azy, ary mandritra ireo fihaonana sarobidy ireo no hiorenan'ny fiainanao.
Te-hanasa anao aho hanandrana traikefa vaovao. Miaraka amin'izay hambara etsy ambany ho fampatsiahivana, miaraka amin'ny kalendrie sy zavatra afaka handraisana an-tsoratra, miataha kely ary ataovy izay hampazo aina anao ary dia avelao Andriamanitra hanazava ny lalanao.
Mahazatra ahy ny manokana fotoana tsindraindray mandritra ny andro iray na maromaro[92] ka ny hany tanjoko amin'izany dia ny hihaino an'Andriamanitra sy hampivelatra ny fisakaizako Aminy. Ho ahy manokana dia mora kokoa amiko ny manao izany am-pandehanana. Amin'ny alalan'ny fitaovana fandraisam-peo no hamintinako arakaraka ny handrosoako ny zava-dehibe tamin'ireo izay nazava tamiko. Rehefa mody any an-trano aho dia raisiko an-tsoratra izay voaraiko. Misy fotoana aho tena tsy maharay n'inon'inona mihitsy, saingy tamin'ny fotoana sasany indray dia nandray fisainana nahafahako nisoroka fandaniam-potoana gaovana, eny an-tanonany maro mihitsy aza…

[92] Toy ny fanaontsika rehefa manao fanatsarana fomba fiasa. Mandritra ny andro tsy fiasana, na ny faran'ny herin'andro na andro roa mandritra ny fialan-tsasatra ohatra.

Indraindray ihany koa dia mahary fanasana manokana avy Aminy aho, toy ny miteny amiko Izy hoe : « Carlo, manan-kambara aminao Aho. » Arakaraka ny fisehoan-javatra dia indraindray aho mijanona eny amin'ny toerana malalaka fiatoan'ny fiara, na ihany koa mihaona mivantana sy am-pahanginana Aminy aho, na ampidiriko ny kiraroko dia lasa aho mitsangatsangana mba hihaino Azy. Indraindray tsy misy zavatra manokana miseho, indraindray kosa dia tena mafonja dia mafonja ny aingam-panahy, toy ny fanazavana nanazava ny fiainako. Tafiditra ao anatin'izany avokoa ny sehatra rehetra fa tsy ireo izay heverintsika ho *ara-panahy* ihany.

***Ahoana no hisorohana fandaniam-potoana an-taona maro amin'ny alalan'ity fanazaran-tena ity ?***

Rehefa nandinika aho dia tsapako fa nampian'Andriamanitra aho hanavaka sy hampisaraka ny zava-dehibe sy izay tsy tena zava-dehibe, nampiany aho handamina ny asako, hanatsara ny fahaizako tenim-pirenena, hanoratra boky vaovao, hividy zavatra tena ilaina amin'ny fotoana mety, hahita fiadanana indray aorian'ny fotoana misamboaravoara, hisafidy ireo mpiara-miasa amiko. Nohodidininy mpanolontsaina maro aho, ary izy ireo avy eo no namorona ny ekipa « Porteurs de Vie » [93].

Tao anatin'ireny fihaonana manokana natao hihainoana an'Andriamanitra ireny ihany koa no nahatakarako fa :

- afaka manova ny vaovao voaraiko – na avy any ivelany, na avy eto an-toerana, na avy amin'ny manodidina – ho tonom-bavaka ho an'ny hafa,
- manana fahefana hampiditra ny ankohonako ao amin'ny fitahiana nampanantenaina an'i Abrahama aho,
- tsy mpitazana intsony aho fa mpandray anjara amin'ny Tantaran'ny zanak'olombelona,
- manana andraikitra avy amin'Andriamanitra aho, toy ny kristiana rehetra, ny hivavaka ho an'ny olona rehetra, noho izany ho an'ny vondrona maro samihafa ihany koa, ny any amin'ny tontolon'ny asa, ny toeram-ponenan'ny mpiasa, ny tanana kely, ny tanan-dehibe sy firenena ary kaontinanta rehetra,
- afaka ny ho fitahiana ho an'ny namako, mpiara miasa amiko, mpiara-monina amiko aho,
- maro ny fomba nomena ahy mba hitondrako fiatraikany eo amin'ny fiarahamonina misy ahy.

Afaka mifona ho azy ireny aho, manohana ny manam-pahefana, manohitra ny asan'ilay Ratsy ary mandray anjara amin'ny tetik'asan'Andriamanitra izay mihavao mandrakariva.

Eny, tena mino aho fa taona maro no tsy nolanilaniana foana na verivery foana arakaraka ny fitadiavantsika na tsia ny tolontsainy amin'ny fomba pratika.

Tamin'ireny fotoana ireny dia tsapako avy hatrany fa raha tsy voalamina tsara ny fiainam-bavaka ataoko dia hivezivezy etsy sy eroa fotsiny aho, hanadino ny tena zava-dehibe na ho leo noho ny farany.

Tsy ho vitanao akory ny handray ny hevitra tsirairay. Ho ahy manokana dia ny sasantsany amin'izy ireny ihany no nampihariko ; etsy an-daniny kosa dia miezaka aho ny manavao hatrany hatrany ny tetik'ady sy ny tanjona kendreko. Izany no mahatonga ny fihaonako manokana amin'Andriamanitra ho vaovao sy manaitra hatrany.

Ny amporisihako anao dia ny hanombohanao mitady sy mandrafitra ny tanjonao mandritra ny herintaona.

[93] Ekipa ivondronana asa fanompoana natao hanompo ireo tanana sy faritra mila izany.

Ny tanjon'ny fanontaniana etsy ambany akory tsy ny hanoratanao ny hevitrao rehetra mba hahafahana mangataka ny hitahian'Andriamanitra izany avy eo, fa kosa ny hanampy anao hihaino Azy mba hitahiany ireo lafin-javatra nomeny hiandraiketanao.
« Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra. »[94]

***Fisaintsainana***

- Ahoana no handaminako ny fihaonako manokana amin'Andriamanitra ?

- Toerana ?________________________________________________________

- Ora ? __________________________________________

- Faharetany ? ________________________________

- Ireo fihaonana tena manokana ?_______________________________________________

***Inona no tian'Andriamanitra hiainako mahakasika ny fianam-bavako manokana ?***

- Ho fanovana ny vaovao ho fivavahana ho an'ny hafa ?

________________________________________________

- Ho an'ny olona eo anivon'ny fianakaviako ?

___________________________________________

- Ho an'ny mpiara-miasa amiko, mpiara-mianatra amiko, ireo mpampianatra ahy ?

____________________________________________________________________

- Ho an'ireo lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra ?

____________________________________________________________________

- Ho an'ireo mbola tsy kristiana nefa tena mavesatra ao am-poko (Ny ankamaroan'ny olona miova fo dia vokatry ny vavaka nataon'ireo akaikin'ny fony) ?

__________________________________________________________________________

- Ho an'ny mpiray vodirindrina amiko, ireo mpiara-monina amiko ?

___________________________________________________________________________

- Ho an'ireo tsy salama fantatro ?

___________________________________________________________________________

- Ho an'ireo mpiasa ao amin'ny faritra misy ahy ?

___________________________________________________________________________

- Ho an'ny tanana misy ahy sy ireo kartie mandrafitra azy ?

___________________________________________________________________________

- Ho an'ireo kaominina sy distrika eo anivon'ny fireneko ?

___________________________________________________________________________

- Ho an'ireo olona folo na roapolo tena mitondra fiatraikany indrindra ao amin'ny fireneko ?

[94] Jeremia 29.13

- Ho an'ireo firenena hafa ?

- Ho fifonana ho an'ny mpiray firenena amiko, ny fianakaviako, ny tanana misy ahy, ireo firenena hafa ?

Avy amin'ny alalan'ny fikarohana tahaka an'io nanokanako minitra vitsivitsy hivavahana, efa ho herintaona mahery izay :

- Isaky ny alatsinainy ho an'ny olona mandrafitra ny fianakaviako, hatramin'ny zafiafy,

- Isaky ny talata ho an'ny iray amin'ireo namako,

- Isaky ny alarobia ho ana lehilahy na vehivavin'Andriamanitra misehatra amin'ny fanompoana,

- Isaky ny alakamisy ho an'ny tanan-dehibe na tanana ambanivohitra izay efa notsidihiko,

- Isaky ny zoma ho an'ireo olona manodidina ahy izay mbola tsy kristiana.

***Inona no ady ara-panahy tsy maintsy atrehako ary amin'ny fomba ahoana ?***[95]

- Manoloana ny fahavalo mangalatra izay ananako ?

- Ireo izay manohitra mafy ny fandrosoako ao amin'i Kristy ?

- Ireo izay mampihena ny heriko ?

- Izy manafika ny fahasalamako ?

- Izay mampidi-doza ny fiainako sy ireo akaiky ahy ?

**Azonao soratana ao anatin'ny kahie firaiketana ny fihaonanao manokana amin'Andriamanitra izao :**

- Ireo fanapahan-kevitra manan-danja mahakasika ny fivavahanao ho an'ny hafa,

- Ireo tetik'ady sy antom-bavaka nosafidiana ho an'ny *vanim-potoana manaraka,*

- Ny lisitr'ireo anarana (namana, fianakaviana…) sy ny pejy voatokana ho azy ireo tsirairay,

- Ireo vava ady izay iadianao,

---

[95] Teboka velabelarina ao amin'ny boky nosoratako mitondra ny lohateny hoe *Ahoana no fiatrehana ny fizahan-toetra* ary ny mahakasika ny fahasalamantsika ara-panahy kosa ao amin'ny pejy faha 80 amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe : « Ahoana no fivavahana ho an'ny marary ? »

- Tombana mahakasika ny fahasalamanao ara-batana ankehitriny sy ny tanjonao ary ny fanantenanao mahakasika izany.

### *Ny Baiboly*[96]

### *Vakio ho toy ny taratasy alefan'Andriamanitra ho anao anio ny Baiboly*

Afaka manokatra ny Baiboly toy ny fanokafana taratasy aho ; taratasy laharam-pahamehana avy amin'Ilay tia ahy sy anto-pisiako. Ny tanjony dia ny hampahafantatra ahy ny amin'Andriamanitra sy ny hitarika ahy hitia Azy sy hampifanaraka ny fiainako amin'ny sitrapony. Tsy fahalalana teoria fotsiny io fahalalana io fa natao hampiharina amin'ny fisehoan-javatra samihafa mahakasika ny fiainako. Tsy izay tiako ho haino hatrany no voarakitra ao amin'io taratasy tonga amiko isan'andro io fa izay tokony hohenoiko.
Efa mba novakianao hatramin'ny farany ve ilay *taratasy alefan'Andriamanitra ho anao ?* Toko telo isan'andro eo ho eo no vakiana dia voavaky ao anatin'ny taona iray izy.
Nisy olona ihany koa nanao ny Baiboly ho toy ny *torolalana avy amin'ny mpanamboatra.* Fony izaho niasa teo amin'ny tontolon'ny elektronika dia ampiarahinay amin'ny taratasy manazava ny fomba fampiasana azy hatrany ny fitoavana izay amidinay. Azon'ny mpividy atao ny miraharaha na tsia  ilay taratasy ; saingy ny fomba tsara indrindra hampandehanana ilay fitaovana dia araka izay lazain'ny mpanamboatra azy. Io *torolalana avy amin'ny mpanamboatra* io ihany koa no mampahafantatra ahy ny tenako sy ny tontolo iainako.

Eken'ny kristiana ny maha-Tenin'Andriamanitra ny Baiboly, saingy vitsy kosa no mamaky azy ho toy ny ***tenin'Andriamanitra ho azy anio.*** Andeha ho raisintsika andiny diso fantatra loatra izay vakiantsika, mazava ho azy tony ny teny nambaran'i Jesosy tamin'ny mpianany, fa ambonin'izany, toy ny tenin'i Jesosy ho antsika amin'izao fotoana izao. Mba hahatakarantsika kokoa ilay foto-pisainana dia novako ho « ianao » ny « ianareo » :

« Efa madio rahateo ianao noho ny teniko, izay nolazaiko taminao. Tomoera amiko ary Izaho aminao. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianao, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, ianao no sampany. Raha miray amiko ianao, ary Izaho aminao, dia mamoa be ianao; fa raha misaraka amiko kosa ianao, dia tsy mahay manao na inona na inona. Raha tsy miray amiko ianao, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany ianao ka malazo; ary angonina ianao ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. Raha miray amiko ianao, ka mitoetra ao anatinao ny teniko, dia angataho izay tianao na inona na inona, fa ho tonga aminao izany. Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanao be ka ho tonga mpianatro ianao. Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anao; tomoera amin'ny fitiavako ianao. Raha mitandrina ny didiko ianao, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminao, mba ho ao aminao ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianao.»[97]

Raha taratasy mirakitra ny fomba fampandehanana ny fiainako ny Baiboly dia ho zary fotoana miavaka indrindra eo amin'ny androko ny famakiana azy. Miteny amiko tsy tapaka sy amin'ny fomba voafaritra tsara Andriamanitra. Mitombo hatrany ny fahalinako hamaky azy. Tsy ho ela dia ho voavakiko feno izy. Hiverenako vakiana indray ary hihamazava sy hitombo ny fanambarany. Ny tanjoko : fianarana ireo olona ao amin'ny Baiboly, foto-pampianarana, hisy fanontaniana manokana hifamatotra amin'ny famakiana azy amin'ny fomba vaovao.

---

[96] Misy drafitra hanamora ny famakianao Baiboly any amin'ny faran'ity boky ity.

[97] Araka ny Jaona 15.3-11

Tsy tokony hijanona ho toy ny fahalalana ara-tsaina fotsiny ihany ny fahalalantsika ny Baiboly fa tokony hitarika antsika hitia an'Andriamanitra, hahalala Azy mba hahafahantsika miteny sy manao hetsika amin'ny anarany.

***Ovay tsy tapaka ny dikan-teny vakiana***

Zavatra mandeha ho azy ny fifikirana amin'ny dikan-teny iray manoloana dikan-teny hafa, saingy arakaraka ny fandrosoan'ny fotoana dia lasa zatra amin'ireo fomba fiteny sy firafitry ny gramera isika ka zary lasa tsy misy mahataitra antsika intsony. Misy manome lanja kokoa ny fahalalany ny «Dikan-teny mahazatra azy » noho ny fahalalany an'Andriamanitra. Ny Baiboly dia mamaritra ny tenany tsy toy ny fandrotsirotsiana fa toy ny sabatra. Tsy natao handrotsirotsy antsika ny famakiana azy fa natao kosa hanindrona antsika.

***Lanjalanjao ny sakafo ohaninao amin'ny fanovaovana ny vakiteny***

Maro amintsika no tia ovy endasina. Andeha atao hoe asaiko any amiko ianao ary ovy endasina no arosoko ho fanokafam-bavony, mety ho raisinao ho toy ny zavatra miavaka izany. Raha ovy endasina ihany koa no atolotry ny vadiko anao ho fanombohana ny sakafo, dia hihinana kely ihany ianao mba ho fahalalam-pomba, saingy akory ny hagaganao raha mahita ny sakafo manaraka : ovy endasina misavovona toy ny tendrombohitra ! Noho ny tahotra ny tsy hahalevon-kanina dia mihinana telo na efatra ianao ; saingy raha mbola ovy endasina ihany no tsindrin-tsakafo dia halatsakao moramora ao ambany latabatra hohanin'ny alika !
Ovaovay ny vakiteninao ary aza miandry tsy fahalevonan-kanina vao manova ! Boky mirakitra karazam-boky maro ny Baiboly : tantaran'olona, fampianarana, dia mampientanentana, faminaniana, ohabolana, tatitra, sns. Maro no mafanafo tsy misy toy izany manomboka amin'ny famakiana ny Genesisy, mihitsoka rehefa tonga ao amin'ny Levitikosy ary mampitsahatra ny famakiana rehefa tonga ao amin'ny Nomery ! Ho fisorohana izany fandrika izany dia Salamo atao fanokafam-bavony, andininy avy amon'ny Bokin'ny tantara atao sakafo voalohany, andiny avy ao amin'ny epistily atao sakafo manaraka, ary avy ao amin'ny Filazantsara maka tsindrin-tsakafo… Ohatra ihany izany, ny zava-dehibe dia ny fihinanana sakafo mahasalama. Tsy vitan'izany, fa toy ny dingan'ny fitomboana rehetra dia hiovaova ihany koa ny *fahazotoan-komanao* ; ekeo am-pitoniana sy amin'ny fahaizana mandanjalanja izany. Mamporisika anao aho noho izany ny hamaky hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, amin'ny hafainganam-pandehanao ny boky tsirairay, ary aza mihevitra fa tsy maintsy vakiana ny boky rehetra araka ny filaharany hatrany amin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apokalypsy[98]. Tena ilaina noho izany ny mametraka taratasy manamarika ireo boky vakiana miaraka.

***Mihinàna «manaraka ny vanim-potoana » ary avelao Andriamanitra hitari-dalana anao amin'ny fisafidianana ireo boky ho vakianao***

Toy ny filana fitaovana manafana mandritra ny ririnana sy fitaovana fampangatsiahana amin'ny andro mafana, ny famakiana mifanaraka amin'ny vanim-potoanan'ny fiainanao ihany koa dia tena ahitanao tombontsoa.
Ho fanatanterahana ity fomba famakiana Baiboly ity dia fanaoko ny manokatra ny baiboliko any amin'ny fizahan-takila sady mamaky izay voasoratra ao no mivavaka. Marihiko manokana ny boky iray na maromaro izay apetraky ny Fanahy Masina ao am-poko ho amin'ny herin'andro hoavy. Asiako marika kely izay boky efa novakiako hahitako hoe im-piry no novakiako ilay boky mba handanjalanjako ny vakiteniko ao anatin'ny fotoana lavitr'ezaka.

[98] Mazava hoazy fa tena ilaina ny mamaky ny Baiboly misesy araka ny firosoan'ny fanambarana, saingy amin'ny fotoana maha-mety azy.

Fony aho mbola tanora dia fahazarako ny manoratra fehezanteny mamintina izay toko novakiako mba handraisako amin'ny fomba tsaratsara kokoa ny hevitra voizin'ny boky tsirairay. Fanazaran-tena iray tena amporisihako anao ny manao izany, amin'ireo boky tsirairay vakianao, farafaharatsiny in-dray mandeha eo amin'ny fiainanao.

### *Vakiteny misy fifampiresahana mivantana*

Fony izaho mbola tanora ihany koa dia fanaoko ny manoratra araka ny lohahevitra ireo fanontaniana rehetra tonga ao an-dohako. Fotoana fohy ihany dia hitako nahazo valin-teny marobe haingana tsy araka ny nieritretako azy aho. Nalaiko indray ilay kahie tranainy mirakitra izany ary ho zaraiko aminao ny sasan-tsasany amin'izy ireny :
- Fa naninona Andriamanitra no nahary tontolo faran'izay midadasika ?
- Tsarain'Andriamanitra amin'ny alalan'ny toetr'andro ve ny olombelona ?
- Nifampihinana ve ny biby talohan'ny tsy fankatoavan'i Adama sy Eva ?
- Inona no andininy manaporofo ny fisian'ny zavatra tsy hita maso ?
- Iza no nahary ny ota ?
- Ahoana ny fomba namonjena ny olona tany amin'ny Fanekena Taloha ?
- Fa nahoana no avelan'Andriamanitra hitoetra eto an-tany ny ratsy ?
- Inona no fanalahidin'ny fahombiazana ?
- Ahoana no ahalalana ny sekta ?
- Inona no anjara asan'ny anjely ?

Noraisiko an-tsoratra tamin'ny fomba mazava ny valinteny tsirairay, miaraka amin'ny andininy manohana azy. Taty aoriana, mandritra ny fitoriana ny Filazantsara dia gaga aho rehefa nahita fa sokafana fotsiny ao amin'izay tokony hosokafana ny Baiboly mba hahitan'ny olona miresaka amiko ireo valin-teny manaitra manoloana ny ankamaroan'ny fanontaniana apetrany.

### *Ny fandinihana*

Raha oharina amin'ny fanidinana eny ambon'ny ranomasina ny famakiana ny Baiboly, ny fandinihana kosa dia azo ampitoviana amin'ny fidirana any ambanin'ny rano. Izay manidina eny ambonin'ny rano dia mety hiteny hoe : « Mahafinaritra izy izany, mampitolagaga, endrey izato loko maro samihafa ! » Fa izany midina any ambanin'ny rano kosa indray dia miditra ao anatina tontolo vaovao. Tsy tambo isaina ny karazana loko. Mandrafitra tontolo feno firindrana sy mihavao hatrany ny fasika, ny vato ary ireo zava-maniry any ambanin'ny rano. Tsy tambo isaina ireo karazana hazandrano. Samy misy ifandraisany amin'ny ranomasina avokoa ireo roa voalaza ireo, fa iza amin'izy ireo no tena mahalala ny tontolon'ny ranomasina ?
Mila mianatra ny midina any amin'ny rano lalin'ny Tenin'Andriamanitra ny tsirairay amintsika. Hasehon'ny Fanahy Masina amintsika amin'ny alalan'izany ny fahamasinany, ny fahalemem-panahiny, ny fanetren-tenany, ny famelan-keloka omeny, ny fifaliany, ny fahadisoam-panantenany, ny fahatezerany. Ilay Andriamanitra mampitolagaga, miantso, mamolavola, manitsy dia maneho hatrany amim-pahalemem-panahy tsy miova ny maha-Andriamanitra mahagaga izay anankinantsika ny fiainantsika manontolo Azy.
Aoka ho tsarovantsika fa izay *mandinika* ny Tenin'Andriamanitra dia mandray tombontsoa avy amin'ny fampanantenana roa tena manan-danja : ho sambatra izy ary izay rehetra ataony dia hahomby !

### *Ny fitadidiana*

Misy fomba maro azo ampiasaina mba hitadidiana, saingy tsy misy mahasolo ny asa sy ny famerimberenana. Toy hozatra ny fitadidiana, mety hivelatra na hihaosa izy arakaraka ny hampiasantsika azy na tsia.

Amin'ity lafiny iray ity dia samy niaina vanim-potoana nampazoto sy nampientanentana ny fahavitrihana tao anatiny isika ary samy nandalo vanim-potoana toy tsy misy na inona na inona natao. Tena mila afaka miatrika ireny vanim-potoana ireny ny paikady ampiasainao. Na toa inona na toa inona ny tetika ampiasainao dia arafeto hikendry fotoana lavitr'ezaka izany. Ireo izay manovaova hatrany ny tetik'ady ampiasainy (andiny roa nosoratana tany amin'ny kahie, andininy roa hafa tany amin'ny toerana hafa) dia tsy handroso mihitsy. Tokony ho azo antoka tsara ny fomba fisafidianao, fandraiketanao an-tsoratra ary fitadidianao andinin-tSoratra Masina. Aza be famaritra eo am-piandohana nefa tsy hianarana akory mba hisorohana ny fahakivianao.
Indro misy hevitra iray manoloana ireo fomba maro azo eritreretina. Maka baoritra iray tsy misy n'inon'inona. Manamboara na mividiana taratasy maromaro izay azonao alahatra ao anatin'ilay baoritra. Isaky ny mianatra tsianjery andininy iray ianao dia soraty ilay andininy ary ataovy ao ambadika ny toko sy andininy. Amin'izay, rehefa manana fotoana malalaka ianao, na rehefa misy dia alehanao, na rehefa miandry fotoana, na rehfa matory, na rehefa mifoha dia afaka mamerina andininy vitsivitsy, na avy amin'ny alalan'ny toko sy andininy ianao no mamerina ilay lahatsoratra, na avy amin'ny alalan'ilay lahatsoratra avy hatrany. Tsy mety lany andro ity tetik'ady ity ary afaka manaraka anao n'aiza n'aiza alehanao.
Ho fianarana paragrafy na toko iray manontolo dia manoro hevitra anao aho hampiasa ny tetik'ady noforonin'ny mpitandrina Philippe Aubert[99].

### *Famintinana*

- Vakio manontolo ny Baiboly mba hahalalanao an'Andriamanitra sy mba hampifanarahanao ny fiainanao manontolo amin'ny sitrapony. Raiso ho toy ny *taratasy avy amin'Andriamanitra ho anao anio izy.*
- Ovay tsy tapaka ny dikan-teny ampiasainao.
- *Mihinana sakafo voalanjalanja* amin'ny fanovaovana ny vakiteninao.
- *Mihinana sakafo manaraka vanim-potoana* amin'ny famekenao ho tarihina manoloana ny safidin'ny boky ho vakiana.
- Alamino ny vakiteninao hisy fifampiresahana mivantana sy mifanaraka amin'ny mampiavaka anao.
- Midira amin'ny rano lalina amin'ny alalan'ny fandinihana ; tadidio izay ambaran'ny Fanahy Masina aminao mba ho azo ampiharina. Ireto misy andininy vitsivitsy ho dinihina ho fanombohana : Isaia 6.1-8, Matio 13.16-23, Lioka 9.23-26, 2 Timoty 3.10-17
- Manaova tsianjery andiny fanalahidy amin'ny alalan'ny tetik'ady azo antoka.

### *Fisaintsainana*

- Inona no boky manaraka ho vakiako ?

__________________

__________________

__________________

- Manao ahoana ny hafainganam-pandeha safidiko ?

______________________________________

[99] Philippe Aubert, Sorecort 10, 1134 Vufflens-le-Château, Suisse. E-mail: ph.aubert@urbanet.ch

- Inona no dikan-teny hampiasaiko ?

____________________________________

- Amin'ny fotoana inona aho no handinika ny teny vakiako ?

____________________________________

- Inona no tanjona kendreko mahakasika ny vakiteny ataoko ?

____________________________________

- Inona no paikady ampiasaiko ho fanaovana tsianjery andininy ?

____________________________________

- Inona no tanjona kendreko mahakasika ny fianarana tsianjery ataoko ?

____________________________________

**Azonao soratana ao amin'ny kahie firaiketana ny fihaonanao manokana amin' Andriamanitra izao :**

- izay nianaranao mahakasika ny toetran'Andriamanitra : ny fahatsarany, ny maha-hentitra Azy…
- izay nianaranao mahakasika ny tenanao sy ny tontolo manodidina anao,
- fehezan-teny mamintina ny toko tsirairay ao amin'ny boky tsirairay,
- famintinana ny fianarana mahakasika olona ao min'ny Baiboly,
- famintinana ny vokatry ny fandinihana maromaro natao,
- andininy sy ampahany, voasokajy araka ny boky izay vitanao tsianjery,
- ireo fanontaniana napetrakao, eny fa na izay tena faran'izay sarotra aza mahakasika :

  An'Andriamanitra sy ny asany
  Anao.
  Ny fiainana amin'ny ankapobeny
  Izay nipoitra avy amin'ny fitoriana Filazantsara
  Ny amin'ny safidinao.

# Fizarana fahadimy : Mampientanentana ny fisakaizana amin'Andriamanitra rehefa manome aingam-panahy ny fiainantsika manontolo

Ny fisakaizana tena izy miaraka amin'Andriamanitra dia miseho sy hita taratra amin'ny zava-misy ara-pratika. Izay milaza fa tia an'Andriamanitra nefa tsy tia ny rahalahiny dia mpandainga. Teo amin'ny tantaran'ny Baiboly manontolo sy teo amin'ireo sakaizan'Andriamanitra rehetra, ny fifandraisana sy ny hetsika atao dia mifamatotra akaiky hatrany. Nambaran'i Jesosy fa ny sakafony dia ny ***manao*** ny sitrapon'Andriamanitra sy ny ***manatanteraka*** ny asany. Voalazany fa tsy izay manao aminy hoe "Tompoko, Tompoko" no miditra ny fanjakana, fa izay ***manao*** ny sitrapon'ny Ray. Nohariana mba hanao asa tsara isika, mba hiasa amin'ny sehatra izay namboarina ho antsika tsirairay avy.[100] Ny fanindriana diso tafahoatra ny *maha-izy* izay manambany ny *izay atao* na ny mifamadika amin'izay noho izany dia fisainana tsy madio; miteraka fisafotofotoana, mampifanohitra zavatra mifamatotra lalina.

Mirafitra ho zavatra tokana ihany ny fihaonanao manokana isan'andro amin'Andriamanitra sy ny fiainanao. Tsy misy fisarahana manoloana ny masina sy ny andavan'androm-piainana ho an'ny mpianatr'i Kristy. Raha misy mpitarika manomboka ny filazam-baovao ataony aorian'ny famelabelarana ara-tSoratra Masina manao hoe : "Andeha isika hidina ety an-tany", na "Andeha hiresaka lafiny pratika isika", dia maneho fampianaran-diso izany olona izany na koa maneho fa tsy misy zavatra azony ny amin'ny zavatra mazava takian'ny hafatra; farafaharatsiny, mazava ho azy hoe azo noheverina ho diso mpihaino ilay niteny satria niteny tamin'ny anjely izy…

Tsy tokony hampitoviana amin'ny dia mamakivaky ny planeta ny fihaonanao manokana amin'Andriamanitra, raha izany no izy, ny fijoroanao vavolombelona dia ho toy ny fijoroana vavolombelon'ny mponina ivelan'ny planeta tany. Raha ny tokony ho izy dia tokony hifamatotra amin'ny faka, amin'ny tondro avaratra, amin'ny fomba fampiasana, amin'ny fitaovana mpandray onjam-peo ny fihaonanao manokana amin'Andriamanitra; amin'izay fotoana izay dia hitondra voka-tsoa, hamokatra ary hitondra famonjena ho an'ny rehetra izy.

Avy amin'Andriamanitra ny fiainanao; ny safidinao, ny fitantananao ny fotoananao, ny fifandraisanao, ny fialambolinao, ny zavatra anananao dia tokony handray aingam-panahy avy Aminy, hiainana ao Aminy ary ho Azy. « Fa *Izy* no nihavian'izao zavatra rehetra izao, ary ***Izy*** no mihazona azy, sady ***Izy*** koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra ***mandrakizay***. Amena. »[101] Andriamanitra no namorona, Izy no mitantana, Izy no tanjona faratapon'ny zavatra rehetra, amin'ny vanim-potona rehetra, tafiditra ao anatin'izany ny taonjato faha 21.

Mba hahafahanao *mampifandray* amin'ny fahafenoany ny fifandraisana sy ny asa atao dia te-handroso ho anao fanadihadiana fohy ny amin'ny lovanao manokana aho (amin'ny heviny tena malalaka). Ho zaraiko aminao ihany koa ny traikefako manokana. Na dia tsy tanteraka aza dia nahafahako kosa nametraka fifamatorana mafy eo amin'ny fiombonana ara-panahy sy ny anto-pisiako isan'andro ity paikady ity.

### *Fa Izy no nihaviany…*

Ny olombelona rehetra manana faharanitan-tsaina dia mahalala fa manana lova izy. Raha tsy hiverina amin'ireo fanoharana maro izay manindry mahakasika ny fanomezam-pahasoavan'Ilay Mpahary sy ny andrikitra nomena antsika hitantana azy ireny aho, dia

[100] Araka ny 1 Jaona 4.20, Jaona 4.34, Matio 7.21, Efesiana. 2.10, Hebreo 12.1

[101] Romana 11.36

manasa anao kosa hitanisa ireo izay mandrafitra ny lovanao. Mazava ho azy fa tsy ho afaka hitantana araka ny tokony ho izy izay zavatra tsy fantantsika isika.
Raha ho raisina indray ny mahakasika ireo mpanompo sy ny tompony ao amin'ny fanoharana mahakasika ny ahi-dratsy[102] manao hoe "Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? Koa avy taiza kosa ny tsimparifary?", tsy azo lavina fa ny devoly dia mamafy tsimparifary na ahi-dratsy eo anivon'ny vary izay afafin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika… Nivoaka avy amin'ny ankohonana isan'ireo nahantra indrindra tao amin'ny tanana nahaterahako aho. Na dia tao amin'io toerana io aza no nihavian'ny reniko, ny anarako kosa maneho ahy ho toy ny vahiny. Tsy vitan'izay fa noho izaho tsy nitombo afa-tsy 20cm nandritra ny fotoana nianarako dia tsy azo lavina fa izaho no isan'ireo kely indrindra sy marefo indrindra tamin'ireo nitovy taona tamiko. Koa satria ny raiko no antitra indrindra tamin'ny ankamaroan'ny rain'ireo namako dia niteraka fanesoana avy amin'izy ireo izany indraindray.
Ary ny farany, ny faharesen-dahatro ara-pivavahana, izay azo lazaina fa vitsy an'isa tao amin'ny faritra nisy anay dia tsy nanamora ny zava-misy… Raha atao in-dray mijery dia maivana dia maivana ny lovako; ny ahi-dratsin'ny tsy firaharahiana, ny tahotra ary ny fiatakatahana vao maika nampidi-doza azy. Na izany aza anefa dia mifono harena tsy hita noanoa ny lovako: niray saina sy nahatoky ny ray aman-dreniko; nanana anabavy sy namana mahafinaritra aho, sady nadio no tsara kalitao ny fianarana nataoko. Fiarahamonina salama tsara no nanodidina ahy, ary ambon'izany rehetra izany, ilay Andriamanitra fitiavana, izay na dia kely fotsiny aza ny fahalalako mahakasika Azy, dia nihevitra ny amiko, toy izay ataony amin'ny mponina tsirairay eto amin'ity planeta ity.

Mba ahoana kosa ny aminao? Inona no mandrafitra ny lovanao? Na dia heverinao ho mifono fahasambarana na koa tena faran'izay sarotra aza ny mahakasika io lovanao io, dia manasa anao aho hieritreritra mahakasika azy amin'ny fanokanana fotoana fohy hamaliana ireto fanontaniana manaraka ireto.

Inona no tena fanamby natrehako tamin'ny fahazazako?

____________________________________________

Inona no ireo zavatra tsara nananako?

____________________________________________

Iza no olona tena tia ahy manokana?

____________________________________________

Iza ireo olona tena nitondra fiatraikany tsara teo amiko? Taminy lafiny inona?

____________________________________________

____________________________________________

Iza ireo olona tena nampianatra ahy? Tamin'ny lafiny inona?

____________________________________________

____________________________________________

Iza ireo olona nampianatra ahy hahalala an'i Kristy?

[102] Araka ny Matio 13.24-30

______________________________________________

Inona no lova manokana noraisiko:

- avy amin'ny ray aman-dreniko?

______________________________________________

- avy amin'ny mpiray tampo amiko?

______________________________________________

- avy amin'ny fianakaviako?

______________________________________________

- avy amin'ny vadiko sy ny ankohonako?

______________________________________________

- avy amin'ny namako?

______________________________________________

- avy amin'ny fireneko?

______________________________________________

Inona ireo zavatra tsara nananako:

- tamin'ny vanim-potoana niainako?

______________________________________________

- avy amin'ny zava-misy eo amin'ny faritra misy ahy?

______________________________________________

- avy amin'ny fiarahamonina nanodidina ahy?

______________________________________________

Inona no zavatra noratoviko teo amin'ny lafiny fahalalana mahakasika ny:

- tenim-pirenena? ________________________________

- siansa? ________________________________

- tantara sy ny politika? ________________________________

- mozika sy zava-kanto? ________________________________

- fanatanjahantena sy fialam-boly? ______________________

- fahalalana ankapobeny? ______________________________

Inona no mampiavaka ahy :

- toetra sy maha-izy ahy? ______________________________

- ny lazako? _____________________________

- ny fianarako na ny asako? ___________________________

- ny zava-misy iainako ankehitriny? ______________________

- ny finoako? ______________________________

Inona ireo fananana izay nomena hotantaniko ankehitriny?

_____________________________________________________________

______________________________

Ireo rehetra ireo, sy izay teboka azonao ampiana dia maneho ny lovanao. Amin'ny lafiny iray dia ireo no namolavola ny maha-izy anao sy mamaritra ny maha anao anao ankehitriny. Mazava ho azy fa misy tsy fahatanterahana ireo lovanao ireo, misy fiatraikany manimba (ahi-dratsy), fanomezam-pahasoavana mivelatra kokoa noho ny hafa, misy mahafaly ny fahitana azy ary misy kosa mahakivy, saingy ny zava-dehibe dia ny fahalalana fa misy harena sy fahaiza-manao maro raiketiny, sady sarobidy no Andriamanitra no loharanony.

***Izy no antony…***

Mitarika ho amin'ny fankasitrahana sy fanetren-tena ny famantarana sy fahalalana ny lova; ho azontsika kokoa ny hevitry ny hoe: "*Izy* no nihavian'ny zavatra rehetra". Ny zavatra miandry ankehitriny ny dia ny fitantanana azy amin'ny alalany; tsy amin'ny fanandrakandramana anefa, fa amin'ny fahazavany, avy amin'ny heriny, amin'ny fanohanany ary fanatrehany eo anilantsika.
Tsy hitaky amintsika hampivelatra fanomezam-pahasoavana izay tsy noraisintsika Jesosy (izay zavatra ezahitsika atao nefa tsy vitantsika indraindray), fa kosa ny hamirapiratantsika amin'ireo izay nomena antsika. Amin'ny alalan'ireo teniny raisina isan'andro no hanatanterahantsika ireo hetsika kely sy lehibe. Rehefa milona ao amin'ny vavaka izy ireo dia hanana fiafarana maharitra mandrakizay.
Tsy fiainana be fihetsiketsahana ny fiainan'ny mpianatra, izany hoe tsy fiainana feno zavatra atao nefa tsy mitondra vokatra akory, fa kosa fiainana misy hetsika mazava, izany hoe fiainana feno hetsika arahina hosotra, voakendry tsara ary miharihary eo amin'ny tantaram-piainana. Amin'izay fotoana izay dia tonga mandray anjara amin'ny natiora maha Andriamanitra an'Andriamanitra isika.[103]
Mandritra ny fihaonanao manokana isan'andro amin'ny Ray no hiampitan'ny *zavatra rehetra* miala avy amin'ny tontolon'ny *izaho* ho amin'ny tontolon'ny *Izy.* Raha iverenantsika kely ilay fanontaniana napetraka tetsy ambony dia ho afaka hanao dingana vaovao isika amin'ny fihainoana an'Andriamanitra.

Iza ireo olona nomena hiandraiketako?

___________________________________

Iza ireo olona izay itondrako fiatraikany kokoa?

___________________________________

Amin'ny sehatra inona?

___________________________________

Iza ireo olona ampianariko (amin'ny teny na/sy amin'ny asa)?

___________________________________

Amin'ny sehatra inona?

[103] 2 Petera 1.4

Iza ireo olona izay hianarako mahalala an'i Kristy?

Inona no talenta azoko anampiana ny ray aman-dreniko?

- ny iray tampo amiko?
- ny fianakaviako?
- ny vadiko sy ny zanako?
- ny fiarahamonina manodidina ahy?
- ny fireneko?
- ny vanim-potoana iainako?

Ahoana no fomba hanomezako voninahitra an'Andriamanitra

- amin'ny tenim-pirenena haiko?
- amin'ny fahaizako mahakasika ny siansa?
- amin'ny fahaizako ny tantara sy ny politika?
- amin'ny fahaizako mozika sy zava-kanto?
- amin'ny alalan'ny fanatanjahantena sy ny fialam-boly ataoko?
- amin'ny alalan'ny fahalalana ankapobeny ananako?
- amin'ny alalan'ny maha-izaho ahy?
- amin'ny alalan'ny lazako?
- amin'ny alalan'ny fianarako na ny asako?
- amin'ny alalan'ny karamako?
- amin'ny alalan'ny fananana nomena hotantaniko?
- amin'ny alalan'ny finoako?

Manokàna fotoana handalinana, hisaintsainana ary hiainana ireo fanontaniana ireo ao anatin'ny vavaka eo am-pihainoana an'Andriamanitra. Sady tsy mpanaraka fombafombam-pivavahana no tsy fatrapanara-dalana Izy; ireo andraikitra eo anivon'ny ankohonana, eo anivon'ny asa, eo anivon'ny fiangonana rehefa entina miaraka aminy, amin'ny alalany, ao aminy dia tsy ho enta-mavesatra amintsika. Na dia mitaky fotoana aza izany dia mamelombelona hatrany ny fahaizana mitantana ny fotoanan'ny tena, ny vola, ny fialam-boly

amin'ny alalany. Toy izany koa rehefa avelantsika hampianatra antsika hiatrika zava-tsarotra Izy, hiatrika ny sedra sy handray anjara amin'ny iraka ampanaoviny.

Andeha ho raisintsika ho ohatra ny vola. Amin'ny alalan'ilay fanontaniana hoe : "Ahoana no ataoko hanomezako voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny karamako?", dia hitarika olona iray izy ho amin'ny dingana fanadiovana ny lafiny ara-bola. Mety hiseho amin'ny endrika famerenana amin'ny laoniny ny rariny izany na koa fahalalahan-tanana amin'ny endriny vaovao: trosa voaloa, fanonerana madio, fandoavana faktiora, fandraisana an-tanana zaza iray…
Araka izay efa nambarako tamin'ny bokiko teo aloha mitondra ny lohateny hoe *Ahoana no hivelarako amin'ny asako,* mahakasika ny resaka fialan-tsasatra, dia toy izao ny traikefako manoloana ny tontolon'ny fanatanjahantena sy ny fialamboly izay nanokafan'ny Tompo varavarana izay tsy noeritreretiko mihitsy. Nampianatra ahy lafin-javatra tsy dia fantatra na tsy dia ekena loatra mahakasika ny famoram-panahiny Izy.
Noho ny fandaharam-potoanako mahazatra dia tena sarotra tamiko ny nahita namana azo nifandraisana; tsy vitan'izany fa tsy nanana tanjona mazava aho manoloana ny hery nanosika ahy hampitsahatra ireo andraikitra noraisiko. Tamin'ny fotoana iray nanaovako fivoahana tany an-tendrombohitra dia voasarika ny saiko tamin'ny fanidinana fiaramanidina kely baikoina avy alavitra, tamim-pahanginana sy toa maivana ery ny fanidinany. Tena nampitolagaga ny fomba fandihiny teny amin'ny rivotra sady tsy nahataitra azy akory ny fisintonan'ny tany. Rehefa nieritreritra aho dia nanapakevitra ny hanandrana. Sady nanahirana no nahatsikaiky ny fanombohako nitondra ilay izy. Efa ho in-telopolo no simba ilay fiaramanidina keliko. Efa ho adiny iray aho nanamboatra azy mba hahafahako manidina iray minitra! In-dray andro dia nanontany olona iray efa tena mahay mitondra aho ny amin'ny fotoana izay ahafahako mitondra karazany hafa. Namaly ahy izy nanao hoe : "Rehefa tsapanao fa miraikitra sy miadana dia miadana ny fitondranao azy hoy izy" Zaraiko aminao ny votoatin'ny taratasy fanasana ho amina fitsangatsanganana nataoko taorian'izay:
"Fitaintainana azo antoka rehefa mitondra fiaramanidina kely baikoina avy alavitra! Nandritra ny fotoana fohy niarahanay dia efa raiki-pitia izy ka nanoroka andrin-jiro, hazo maniry, kirihitra maromaro, eny rindrina vita amin'ny simenitra aza! Mahay mipetraka amin'ny tany amin'ny alalan'ny orony izy, na mitsoraka, na amin'ny alalan'ny rambony, na anaty tain'omby na indraindray eny ambony vatolampy. Zava-miafina mahasarika ny saina izany.
Tao anatin'ny roa segondra izy dia tafakatra ny lanitra, avy eo vao maika nitombo ny hafainganam-pandehany toy ireny maika hihinana vilo-maintso ireny; nenjehin'ny alika izy, notafihin'ny tariby nanakana ny lalany ary nosaringotin'ny hazo ratsy fanahy folo metatra miala ny tany. In-droapolo niditra hopitaly ary nodidinana hatrany an-doha ka hatrany an-tongotra, vao maika natanjaka noho ny teo aloha izy! Ho hitanao izany fampisehoana rehetra izany mandritra ny fitsangatsanganantsika; aza hadino ny fakan-tsary sy ny fiarovan-doha!"
Nandeha irery aho tamin'ny nanombohako nanao ity fanatanjahantena iray ity; tsy ela dia nanomboka nahalala olona vaovao aho, tsy kristiana ihany, fa nisy tamin'izy ireny tsy kristiana izay tonga namako taty aoriana. Fisaina toy izao no tonga tao amin'ny fanahiko: "Nahoana moa raha manao fihaonana fakan-tahaka ka ireo mpanamory feno fanoloran-tena amin'ny finoana no tonga mijoro ho vavolombelona?" Voasedra tao anatin'ny fotoana ny fihaonan'ny mpankafy "ski" ary maro no nino an'i Kristy tamin'ny alalan'izany, saingy mbola tsy nisy fihaonana toy izany natao?
Tamin'ny fotoana nanoratana ity boky ity dia efa fihaonana efatra izay no nataonay. Mpitondra teny maro toy ny mpampianatra mpanamory angidimby no tonga nizara ny fanamby atrehany amin'ny asany sy ny finoany an'i Kristy, nisy mpanamory fiaramanidina sy mpitandrina ary mpitory filazantsara ihany koa nanafana ny fotoana. Ireo mpandray anjara 45, indrindra ireo

izay mbola tsy nanana fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra kosa dia voakasiky ny Tenin'Andriamanitra sy ny fiainana azy isan'andro tao anatin'ny fiaraha-miasa am-pifaliana ho fanorenana, fampanidinana ary…ho fanamboarana ny fiaramanidina keliny. Notsindrianay manokana tamin'ity taona ity ny mahakasika ny ray sy ny zanany lahy. Ho an'ireo ray dia nampisy fifandraisana manokana amin'ireo zanany ilay fihaonana, ho an'ireo zanaka lahy kosa dia nametraka fahatsiarovana tsy hay hadinoina ilay herin'andro fanamboarana sy fanamoriana niaraka tamin'ireo rainy. Nahafahanay niaina herin'andro feno fahasambarana ny valo andro teo ambany fanazavan'ny masoandro, ireo sakafo toy ny manao fety ary ny tontolo maintso mavana.

Ankehitriny, amin'ny fankasitrahana feno no ahatsapako fa avy amin'ireny fanombohana kely ireny no nanomezan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fitarihany feno fiahiana ahy namana maro be, fifandanjana madio eo amin'ny fiainako, fifandraisana hafakely amin'ny fiarahamonina manodidina ahy ary seha-panompoana vaovao. Tamin'ny voalohany dia noraisiko ho toy ny fomba fakana rivotra ho an'ny vatako sy ny saiko fotsiny ihany ilay izy, ary tena nahafa-po; avy eo kosa, arakaraka ny fandroson'ny fotoana, dia nivelatra tsikelikely ilay traikefa mampientanentana, nanomboka nisandrahaka, niha-nazava toy ny zavatra rehetra natao ***amin'ny alalany.***

### *Izy no omem-boninahitra…*

"Aoka ny rahalahy izay ambany hanao ny fisandratany ho reharehany; fa ny manan-karena kosa ny fietreny."[104] "Sambatra ny olona izay […] ny lalàn'i Jehovah no sitrany […] ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa."[105]

### *Saintsaino ny lasa hanomanana ny ho avy*

Fantantsika ny lova avy *aminy*; te-hitantana izay amin'ny *alalany* isika, ary hankasitraka ny vokatr'izay mba ho *voninahiny.* Zavatra mandeha ho azy ny mifaly rehefa nihoarana ny sakana, rehefa nahomby ny tetik'asa, rehefa nahavita dingana. Ampahany maro amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly no natokana ho amin'izany; averimberiny hatrany ny hoe : "***Tsarovy!"*** Tian'Andriamanitra ho liana sy ho feno fankasitrahana isika manoloana ny fiarahana Aminy. Ny fahafantarantsika tsara ny tantarantsika manokana dia hanazava ny fanapahan-kevitra raisintsika ankehitriny ary mampiorim-paka ny fanantenantsika ny amin'ny ho avy.

Zary tonga fahazarana ho ahy ny mitahiry ireo dingana nanamarika rehetra na koa nitarika ho amin'ny zava-baovao izay niantohany ny fiainako amin'ny fanoratana araka izay nisehoany avy isan-taona. Tsy hanao fanazavana lavabe aminao aho, fa nisafidy kosa ny hizara aminao ny santionan'ny fahatsiarovana izay tena nampahery ahy indrindra tao anatin'ireo pejy roa ambinifolo nosoratako.

Mety hanampy anao hanao fijoroana vavolombelona amin'ny fitantarana ny tantaram-piainanao ity fizarana mitadidy ity indray andro any. Hitondra voka-tsoa ny fijerena azy raha sendra mandalo fahakiviana, fisalasalana, tafiotra; ary matetika dia matetika dia ho toy ny porofon'ny fitiavana sy fahatokian'Andriamanitra aminao izy ity. Mazava ho azy fa santionany amin'ny fomba azo hanomezana voninahitra Azy ihany izy ity, saingy ny tombony dia izy mampiharihary ny valim-bavaka, ny vokatry ny taona maro nanomanana ary ny faharetana ho setrin'izay nataony tamintsika.

[104] Jakoba 1.9-10
[105] Salamo 1.1-3

Amin'ny maha-mpianatr'i Kristy ahy dia izao no voaraiko:
Ny fotoana voalohany izay nahafahafako:
- nandray ny fikasihan'ny Filazantsara sy nahatsapa ny antsony,
- nanokana ny fialan-tsasatro hijoroana ho vavolombelon'ny finoako,
- nitondra olona ho ao amin'i Kristy,
- nitondra hafatra,
- nandray fanasana hitory filazantsara voalohany,
- nahita fiforonana fiangonana teo amin'ny toerana mbola tsy nisy izany,
- nandeha nanao iraka tany amin'ny ila-bolan-tany Atsimo, avy eo Amerika ary Azia,
- nitory teny tamin'ny onjam-peo avy eo fahitalavitra, ary indraindray tamin'ny alalan'ny satelita,
- nahalala fa lasa evanjelista ny tanora iray izay nentiko tao amin'i Kristy,
- nahita olona 1 500 nanatona an'i Kristy ary noraisin'ny mpanolontsaina taorian'ny asa fitoriana natao,
- niresaka tamina Filohampanjakana,
- nanao dia misionera nanao famelabelaran-kevitra miisa 9 sy asa fitoriana filazantsara miisa 6 tao amin'ny kaontinanta 3,
- nijoro vavolombelona nanoloana olona mihoatra ny iray hetsy tamina fivoriana iray (Nizeria).

Porofo vitsivitsy sy fahasoavana ary fiarovan'Andriamanitra:
- tamin'ny faha 40 taonako, raha nisy hay trano tao amin'ny trano nonenanay,
- raha norahonan'ny raiko ho roahina aho raha manolo-tena ampahibemaso ho an'i Kristy,
- raha tratran'ny tazovony, avy eo fivalanana ary pnemonia aho tany Afrika,
- raha nirehitra ny fiara fitanterana noentiko,
- raha nilaza taminay ny mpitsabo fa tsy afaka ny hiteraka izahay,
- rehefa nofoanana tampoka ny iraka izay efa nomanina nandritra ny fotoana ela,
- rehefa tafahoatra ny tsindry entin'ny andraikitra sy ny komity sasany.

Dingana vita tamin'ireo asa natao:
- fitarihana ekipa mpitory Filazantsara tany France, tany Belgique ary tany Suisse,
- fiandraiketana ny sekoly manofana mpitory filazantsara[106] sy ny dia nataony tany afrika.
- fivoahan'ny boky voalohany nosoratako, *Fiainana maro loko.*
- fanombohana niaraka tamin'ny mpiara-miasa hafa ny asa fanompoana mandritra ny fialan-tsasatra tany amin'ny faritr'i Afrika miteny frantsay sy, taona vitsivitsy taty aoriana, nahatratra arivo ny isan'ny mpiara-miasa nisoratra anarana,
- fitarihana ny ivotoeran'ny Tanora Mpanefa Iraka tany Lausanne,
- fanatanterahana takarivam-pideran'ny Tanora Mpanefa Iraka tao amin'ny lapan'ny Beaulieu tao Lausanne,
- fitarihana ny asa fitoriana nataon'i Carlos Ortiz tao Lausanne,
- fananganana ny ekipa "Porteurs de Vie", izay fampivondronana asa fanompona hanao seminera sy asa fitoriana misokatra amin'ny olona rehetra,
- fanombohana ny boky misy lohahevitra maro mitondra ny lohateny *Ahoana no?...*
- fanombohana ny lasy kristiana natokana ho amin'ny fialam-boly fanamboarana modelin-javatra,
- fanombohan'i Michèle ny fianarana amin'ny hariva mahakasika ny fananganana klioba fitoriana filazantsara ho an'ny ankizy.

Dingana fanalahidy vitsivitsy :

[106] Mampiasa ny teny frantsay tany amin'ny ivotoeran'ny TMI tany Lauzanne.

- fanontaniana nianarana tsianjery voalohany teo anivon'ny sekoly alahady tamin'ny faha 6 taona : « Inona no maha-eto an-tany anao ? » « Eto an-tany aho mba hanompo an'Andriamanitra ary ho any an-danitra in-dray andro any. »
- fandehanako nandeha nanao iraka sy ireo traikefa voalohany niainako ny finoana,
- ireo lesona noraisina andritra ny fijanonana 15 andro tany Cote d'Ivoire,
- ilay andro nihaonako tamin'ilay ho lasa vadiko,
- ny nifindranay trano sy ny nandaminanay ny trano fonenanay voalohany,
- fivoahan'ny boky mitondra ny lohateny hoe « *Progresser avec Dieu »* amin'ny teny alemana, avy eo amin'ny teny italiana, romana ary anglisy,
- vavolombelon'ny fahasitranana eo noho eo tamin'ny fiarahana tamin'ny ekipa « Visa ».

Misy ihany koa fisehoan-javatra, izay toa heverina ho tsy dia misy dikany raha jerena amin'ny endrika ivelany, nefa kosa tena manan-danja ho an'izay niaina azy. Misy indray ireo tonga tamin'ny fotoana tsy nampoizina, ny sasany indray tamin'ny fangirifiriana no niainana azy. Ny fanokananao fotoana hisaintsainana azy ireny dia hanome anao sary mitondra anao hanao jery todika amin'ny fomba maro loko sy feno ny fiarahanao amin'Andriamanitra. Ho voaorina ny fahasahianao sy ny finoanao ary ho voatahiry sy hihamafy ny hery manosika anao hanao zavatra.
Anjaranao izao no mitahiry ny tantaranao !

***Alaivo sary an-tsaina ny fandrosoanao***
Rehefa miteny amiko Andriamanitra ny hampivelarana talenta na lova ao anatin'ny fotoana lava dia misy fotoana alaiko sary an-tsaina amin'ny alalan'ny kisarisary apetrako ho hita maso eo amin'ny rindrin'ny biraoko izany. Eritrereto hoe manana tanjona ny hividy fiara efa niasa ianao. Vinavinainao hoe 5 000 Euro no ilaina hividiananao azy. Mety hampientanentana anao ny mahita sary izay lokoinao isaky ny mitombo ny vola voaangonao. Afaka ampianao marika manondro ny fandroson'ny fotoana ihany koa ilay sary. Azo ampiasaina amin'ny sehatra maro be ity ohatra ity. Izaho manokana dia nampiasa azy ity tamin'ny fanoratana boky, famoronana horonam-peo, vavaka ho an'ny firenena (marihina eo ambonin'ny saritanin'izao tontolo izao), fotoana nifadiana hanina ary na dia tamin'ireo ady nataoko ho fandresena fahazaran-dratsy aza.
Azonao anehoana fahaiza-mamorona araka izay tianao ilay fanehoana an-tsary ; ny zava-dehibe dia ny hahatonga azy hanetsika anao hivavaka, hanampy anao amin'ny fitadidiana ary hanampy anao hanatratra ny tanjona izay nomen'Andriamanitra ho tanterahinao.
Avelako hisaintsaina fanontaniana farany izay ahafahanao mihaino an'Andriamanitra ianao ary, nahoana moa raha atao amin'ny endrika afisy ny tanjona toy ilay sary fanehoana nataonao voalohany:
« Kristiana manao ahoana no tian'Andriamanitra ahitana ahy afaka telo taona ? »

**Afaka soratanao ao amin'ny kahie fitehirizana ny fihaonanao manokana amin' Andriamanitra ireto :**
- ireo harena lehibe indrindra mahakasika ny lovanao,
- ireo teboka lehibe mahakasika ny fitantanana azy ankehitriny sy ny fanirianao mahakasika azy ireo,
- ireo dingana miavaka vita isan-taona. Ireo valim-bavaka tena nanamarika anao. Ireo fizahan-toetra natrehana,
- ireo fampaharezana tsara indrindra voarainao (na am-bava, na an-tsoratra…),
- izay rehetra heverinao fa manaitra tamin'ny fisakaizanao amin'Andriamanitra,
- ireo tanjona sy fanantenanao ho amin'ny hoavy.

# Famintinana ny boky

Ho fikolokoloana ny fisaikaizana amin'Andriamanitra :

- Midira eo amin'ny fanatrehany amin'ny fankasitrahana sy amin'ny fahatsoram-po; tiavo Izy!

- Tehirizo ho madio ny feon'ny fieritreretanao amin'ny fiaikena izay fahotana fantatra rehetra, amin'ny famelana heloka ary amin'ny fangatahana famelana amin'ireo izay tafintohina noho ny nataonao.

- Aoreno amin'ny fihainoana ny feon'Andriamanitra ny fiainanao.

- Arindrao ny fianam-bavakao mba hamirapiratany amin'ny sehatra rehetra sy hatrany amin'ny faran'ny tany. Mamakia, mandiniha ary ataovy tsianjery ny Baiboly.

- Fantaro mazava ny lovanao, tantano amin'ny fomba mazava ireo ho voninahitr'Andriamanitra, tsarovy ny lalana efa nodiavina mba hahafahana manohy azy.

# Taratasy ho an'ny mpamaky

Ry mpamaky hajaina,

Ity no boky sarotra indrindra tamiko ny nanoratra azy tao anatin'ireo iray tarika aminy. Fanamby hatrany ny manazava amin'ny fomba tsotra araka izay azo atao ireo lafin-javatra izay matetika tena manokana dia manokana sy miankina aman'aina.
Ny fizarana tsirairay dia ahitana masomboly samihafa ; tena sarotra ny ahafahana mamafy azy rehetra ireo ankehitriny ary tsy azo eritreretina ny hijinjana ny vokany eo noho eo. Na izany aza anefa, ny fiainantsika dia toy ny zaridaina izay tena tian'Andriamanitra hitsangatsanganana ; miara-dalana amintsika Izy ary mifaly mahita ny fandrosoantsika.
Mampahery anao aho tsy hangatak'andro fa hiasa avy hatrany ao amin'io zaridaina io. Angamba mety ho tsara ny hamakianao indray ity boky ity afaka enim-bolana na afaka herintaona ; mety hisy masomboly hafa izay hahamaro ny vokatra hotazanao amin'ny manaraka.
Dia lavitr'ezaka tena mahafinaritra loatra ny fikolokoloana ny fisakaizana amin'Andriamanitra ; iaino amin-kafanam-po izany !

Carlo Brugnoli

Fanamarihana: Toy ireo boky rehetra teo aloha, ity boky ity ihany koa dia azo atao seminera[107] misokatra amin'ny rehetra. Na izany aza anefa, izaho sy ny vadiko ary ny ekipa rehetra ato amin'ny "*Porteurs de Vie*" izay afaka manaraka anay, dia te-hanompo ny olon'Andriamanitra amin'ny fampiraisana ary hametraka ho laharam-pahamehana ny fitoriana ny Filazantsara.

Noho izany raha maniry ny hanasa anay ho any amin'ny firenanao na faritra misy anao ianao dia aza misalasala manoratra[108] amin'ny fametrahana ho zava-dehibe ireto sosokevitra roa ireto:

- Azonao atao ve ny manangona kristiana maro araka izay azo atao avy amin'ny faritra misy anao araka ny fahasamihafana mampiavaka azy avy, mba hialana amin'ny famerimberenana ny hetsika amin'ny vondrona hafa fotoana fohy any aoriana?

- Azonao atao ve ny manomana fitoriana filazantsara miaraka na aorian'ny seminera?

[107] Azo eritreretina ihany koa ny fihaonana in-dray mandeha na maromaro mifototra amin'ireo lohahevitra ao amin'ity boky ity.

[108] Montolieu 79, 1010 Lausanne, Suisse. Tena vonona hamaly ny fanasana mahakasika ny asa fanompoana izahay, saing tsy afaka hiandraikitra ny lafiny fifandraisana na ny fihanaonana manokana. Misaotra manaja ireo hetaheta ireo.

# Drafitra famakiana Baiboly

Raha mamaky toko 3 isan'andro ary 5 ny alahady ianao dia azonao atao ny mamita ny Baiboly manontolo ao anatin'ny herintaona. Rehefa marihinao izay voavakinao dia ho mora ny famakianao miaraka boky hafa.

Aza hadino ny manao dika mitovy ireto pejy ireto raha tianao ny hampiasa ity drafitra ity amin'ny fomba miverimberina.

Genesisy (50)

Eksodosy (40)

Levitikosy (27)

Nomery (36)

Detoronomia (34)

Josoa (24)

Mpitsara (21)

Rota (4)

1 Samoela (31)

2 Samoea (24)

1 Mpanjaka (22)

2 Mpanjaka (25)

1 Tantara (29)

2 Tantara (36)

Ezra (10)

Nehemia (13)

Estera (10)

Joba (42)

Salamo (150)

Ohabolana (31)

Mpitoriteny (12)

Tononkira (8)

Isaia (66)

Jeremia (52)

Fitomaniana (5)

Ezekiela (48)

Daniela (12)

Hosea (14)

Joela (4)

Amosa (9)

Obadia (1)

Jona (4)

Mika (7)

Nahoma (3)

Habakoka (3)

Zefania (3)

Hagay (2)

Zakaria (14)

Malakia (3)

Matio (28)

Marka (16)

Lioka (24)

Jaona (21)

Asan'ny Apostoly (28)

Romana (16)

1 Korintiana (16)

2 Korintiana (13)

Galatiana (6)

Efesiana (6)

Filipiana (4)

Kolosiana (4)

1 Tesaloniana (5)

2 Tesaloniana (3)

1 Timoty (6)

2 Timoty (4)

Titosy (3)

Filemona (1)

Hebreo (13)

Jakoba (5)

1 Petera (5)

2 Petera (3)

1 Jaona (5)

2 Jaona (1)

3 Jaona (1)

Joda (1)

Apokalyptsy (22)

# Fampahafantarana ny boky

Tena mampientanentana ny fikolokoloana ny fisakaizana amin'Andriamanitra!
***Ahoana no fihainoana ny fenony?***
Ahoana no hampahomby ny fihaonana manokana Aminy?
Ahoana no hanorenana fiainana feno hetsika sy mamokatra?
Izany no tian'ny mpanoratra hampitaina aminao amin'ny alalan'ity boky ity.
Ny tanjon'ity boky ity tsy ny hanentana anao hihaona amin'Andriamanitra (efa maniry fatratra izany ianao), fa kosa ny hilaza aminao ny "fomba fanaon'Andriamanitra " mba ***hampahomby ireo fihaonanao Aminy.***

Mahomby ireo fihaonana aminy:
- rehefa eo Andriamanitra,
- rehefa mahazo aina isika miaraka Aminy,
- rehefa miteny amintsika Izy,
- rehefa fantantsika izay tokony halehantsika,
- rehefa mihalalina ny fisakaizantsika ary mitondra aingam-panahy amin'ny fiainantsika manontolo.

*Nofy ve, sa zavatra tsy tena misy izany hoe fahasambarana mitoetra eo amin'ny fanatrehan'Ilay mpanapaka izao rehetra izao, ny mahatakatra ny fisainany amin'ny fahalalana ny planiny ho antsika, ny ho vavolombelon'ireo valim-bavaka madinika sy lehibe, ny hitomboana sy handrosoana amin'ny fahamatorana eo ambany fahazavan'ny masoandrom-pitiavany? Tsia, fiainana ara-dalana ho an'izay manolo-tena hikolokolo ny fisakaizany amin'Andriamanitra izany.*